# *FANONTANIANA SY VALINY*

. . . ireto fanontaniana ireto talohan'ny nahatongavako teo amin'ny polipitra, fa Rahalahy Moore, nandefa antso maika izy, ary nihevitra aho fa tena narary ny olona iray, fa nila fivoriana iray fotsiny izy. Noho izany dia niezaka aho ny nanao azy hiala tamin'ilay telefona tany. Te-handeha hankany amin'ny Fanehoam-pisaorana izy ka hanao fivoriana ho azy ireo any, saingy, any Louisiana. Tamin'ny taon-dasa rehefa tany izahay, izahay—dia nanomboka fifohazana iray ny Tompo, ary tsy mbola tapitra mihitsy izany; mbola mitohy foana izany, ilay fifohazana. Adinoko hoe firin-jato no voavonjy tamin'iny taona lasa iny, rehefa ny—taorian'ny fifohazana tany.

2 Ankehitriny, ataoko fa somary manampoka ilay izy, angamba, ny fahatongavana eto izao maraina izao; ary izany ilay izy amiko. Ary tsy nahafantatra aho, noho izany dia tsy nanaovanay filazana ilay izy teo anivon'ny sasany amin'ny, fantatrareo, ny olona, tonga fotsiny mba hamaly fanontaniana vitsivitsy. Nieritreritra aho fa tahaka an'izany . . . Matetika ny pasitera dia afaka mahita an'izay ao am-pon'ny vahoakany rehefa mametraka fanontaniana izy. Ary tahaka an'izany no ahitantsika ny hevitry ny olona.

3 Ary mino aho fa alohan'ny hanombohantsika izao maraina izao, dia nilaza ny olona iray fa nanana zazakely iray hatolotra izy ireo. Niteny tamiko i Billy fa misy fanolorana zazakely iray. Raha izany no izy, izaho . . . Eny àry. Hitondra an'ilay zaza kely isika ka hanolotra azy ho an'ny Tompo; ary avy eo dia hamaly an'ireo fanontaniana isika, ary avy eo isika dia hivavaka ho an'ny marary.

4 Tiako ny hanao tatitra fa saiky tahaka ny mahazatra fotsiny ny reniko. Izy . . . Tsy mihevitra aho fa miharatsy kokoa izy, na dia mihevitra tahaka an'izany aza izy ireo. Fa tsy mihevitra tahaka an'izany aho; mino aho fa saiky mitovy amin'ny naha-izy azy fotsiny izy. Ary raha tsy Andriamanitra no miteny amiko fa ho faty izy, dia tsy hino an'izany aho. Ary hihazona ny finoana ho an'i Mama aho (hitanareo?), mandra-Piteniny amiko fa handeha izy.

5 Ankehitriny, mety haka azy Izy; tsy fantatro. Ny . . . Mety hoe manafina an'izany amiko fotsiny, mihazona ahy tsy hanahy na zavatra; saingy hino aho fa hamela azy ho salama Andriamanitra tsy mampaninona izay maha-izy azy. Tsy nihinana nandritra ny telo herinandro izy, fa glucose fotsiny; saingy mino aho fa ho salama izy na ahoana na ahoana. Hitanareo?

Rahalahy Neville. Eny, ity dia iray, manantena isika fa hisy iray, mpitory teny iray hafa ho tonga eto, izany dia Atoa. Wood

kely iray. Eny, tompoko. Iza no anarany feno? William David. Junior? Hiantso azy hoe Junior ve ianareo? Ah-ham. Ity dia famantarana kely nalefa nankao amin'ny fianakavian'i Wood eo, ary, mazava ho azy fa malalan'i bebe izy, ary . . . William David Jr kely. Ary azo antoka fa zazalahy mahafinaritra, kely iray izy. Ary ny anabaviny kely no hitaiza azy any, satria izy . . . Eny, manana ny rantsan-tànany avo roa heny izy ankehitriny, avo roa heny ny fanapiam-basiny. Mpihaza vontsira. Mijery ahy amin'ny maso anankiray fotsiny izy. Ataoko fa somary miahotra izy. Hah? Saingy fantatsika fa ireto dia zavatra kely izay alefan'Andriamanitra ao an-tokantranontsika izay ankasitrahantsika, amin'ny fanomezana antsika ny andraikitra amin'ny fitaizana azy ireo. Ary tena azoko antoka fa raha mitohy ao amin'ity fianakaviana ity ny fahasoavan'Andriamanitra, dia ho voataiza amin'ny fananaran'Andriamanitra ity zazakely ity. Ndao isika hanondrika ny lohantsika.

Ry Rainay any An-danitra, mitondra eo Aminao an'i William David Wood kely izahay izao maraina izao, amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy, amin'ny fanajana ny Soratra, izay nitondran'izy ireo teo Aminy, fony Izy teto an-tany, an'ireo ankizy, zaza kely, mba Hametrahany ny Tànany teo amin'izy ireo sy hitsodrano azy ireo. Ary raha teto Izy izao maraina izao tao amin'ny vatan'ny nofo, dia fantatray fa ny rahalahinay sy ny anabavinay no ho nitondra an'ity famantaran'ny fahasoavana kely ity teo Aminy. Noho izany, satria izahay no hisolo tena Azy androany, amin'ny alàlan'ny fitoriana ny Filazantsara, dia mitondra an'ilay zazakely eto aminay izy ireo. Izahay, amin'ny finoana, dia manandratra an'i David kely mankany Aminao, amin'ny Anaran'i Jesosy, ary mivavaka izahay mba Hitahianao azy, Tompo. Andriamanitra, ekeo mba ho velona izy ho—ho Mpanompoanao, raha maharitra Ianao. Ekeo izany, Tompo. Omeo fahasalamana sy tanjaka izy. Tahio ny rainy sy ny reniny. Ary enga anie, raha izany no Sitraponao Masina, mba ho lehibe ity zazalahy kely ity hitory ny Filazantsara amin'ny andro izay mipetraka eo aloha. Ekeo izany, Tompo. Atolotray Anao ity William David Wood kely ity ho Mpanomponao, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

David, mitandrina tsara foana aho amin'ireto zaza kely ireto; tsapanareo toy ny hoe izy ireo dia tena, fantatrareo, handatsaka azy ireo foana ianareo.

Heveriko, ireo zazakely kely sy olona antitra: makà olona antitra iray fotsiny izay efa tena trotraka; na zazakely kely iray izay, tena tsy manan-tsiny izy ireo, fantatrareo; alaiko, misy zavatra mikasika azy ireo izay tiako marina tokoa.

Manontany aho raha hametraka jiro eto amin'ity polipitra ity isika. Rahalahy Neville, fantatrao ve hoe aiza izy ireo . . . ? Oh, eto isika izao.

6 Ankehitriny, amin'ireo fanontaniana, dia manana tena vitsy amin'izy ireo isika eto, ary tsy manana anjara akory aza aho hijery ny Soratra izay—nametrahana an'ireo fanontaniana; satria vao avy nomena izany izao maraina izao. Ary nalaiko fotsiny izy ireo fotoana vitsy lasa izay, somary nanafosafo ny ampahan'izy ireo fotsiny, ary nahita fanontaniana sasany, ary manontany fotsiny hoe ahoana. . . Ary ny sasany amin'izy ireo. . . Ity no vondrona manahirana indrindra izay hany nananako. Noho izany rehefa ny—rehefa nijery azy ireo aho, dia hitako fa hanana fotoana sarotra iray isika eo amin'izy ireo.

7 Noho izany raha tsy mamaly azy ireo araka ny finoanareo aho ao amin'ireto fanontaniana ireto. . . Ankehitriny, tsarovy isan'andro fa araka ny tsara indrindra amin'ny fahalalako izy ireo. Ary noho izany indraindray angamba aho—amin'ity dia tsy maintsy hanondro Soratra iray fotsiny hamaliana azy ireo ary angamba tsy hanam-potoana hijerena azy. Noho izany rehefa mody ianareo, dia tadiavo ilay izy ka jereo. Ary raha diso fananona azy aho, eny amin'izay fotoana izay, izaho—ho diso aho. Tsy fanahy iniako ny ho diso fanonona olona iray, fa—diso fanonona ny Soratra, fa indraindray dia mety manao an'izany isika. Angamba teny iray izay mety ho zavatra iray, avy eo isika dia mety hilaza azy amin'ny fomba iray hafa. Fantatrareo hoe mora toy ny ahoana ny manao an'izany.

8 Fa isika dia mikasa—ny fikasantsika dia ny hanonona azy ireo mahitsy. Ary raha tsy maintsy naka azy ireo aho atao hoe amin'ity Alahady ity ka hamaly azy ireo amin'ny Alahady manaraka; amin'izay fotoana izay dia ho nanana fotoana hijerena azy ireo aho nandritry ny herinandro manontolo.

9 Saingy maro ny olona marary tonga, ary izaho dia tena, tena sahirana ka tsy nanana anjara mba—mba hivoaka sy hanao betsaka amin'ireo antsoko. Ary nihevitra aho fa androany no ho fotoana tsara iray, hamela fotsiny an'ireo marary ireo hiditra ato amin'ny tabernakla ka hivavaka ho azy ireo izahay. Ary fantatsika fa ny vavaka manova zavatra.

10 Manao zavatra ho antsika ny vavaka. Ary amin'ny alàlan'ny vavaka no ahavelomako androany. Mivelona amin'ny fahasoavan'Andriamanitra amin'ny alàlan'ny vavaka aho. Ary izao maraina izao satria reraka kely sy trotraka, dia maniry ny vavakareo ho ahy aho, mba hivavahanareo ho ahy.

11 Ary avy eo, tany an-tranon'ny sakaiza iray aho omaly, trano Kristiana iray izay nisy tanora Kristiana vitsivitsy niangona. Ary niresaka tamin'izy ireo aho, ary ny—nisy zavatra niseho ho azy tamiko fotsiny, eritreritra iray hoe ahoana. . . Nijery tany anaty ala sy manodidina an'ireo hazo aho ary nahita azy ireo teo am-pahafatesana, dia nieritreritra aho hoe, "Tsara tarehy toy ny ahoana ireo hazo ireo na dia eo am-pahafatesana aza izy ireo; kanefa tsara tarehy izy ireo." Ary indraindray ny hazo

iray dia toa tsaratsara kokoa rehefa eo am-pahafatesana izy noho izy ao amin'ny fahamaitsoany sy ny tsarany indrindra. Ary manontany aho raha tsy mampiseho fotsiny ny toerantsika eo amin'ny Raintsika any an-danitra izany, satria hoy Izy hoe, "Sarobidy eo imason'ny Tompo ny fahafatesan'ny Olo-masiny."

12 Ahoana fa izany dia tsy maintsy ho—ho—zavatra tsara tarehy amin'ny Ray ny mijery ny Zanany tonga ao an-trano mankeo Aminy ary mihazona ny toerany ao amin'i Kristy, ny finoany sy ny fiaikeny (hitanareo?), "Voavonjy nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra aho!" ary mitsangana eo (hitanareo?) amin'ny oran'ny—ny fahafatesana, kanefa afaka mihazona ny filazantsika isika, voavonjy isika.

13 Ary mino aho fa ny Raintsika dia—tia ny herim-pontsika, amin'ny finoana sy fihazonana ny filazantsika. Ary izany fotsiny—tsy hoe milaza fotsiny rehefa mahatsapa ho tsara isika, sy salama, ary matanjaka; ilay izy dia rehefa trotraka ianareo, malemy, ary tratry ny olana. Eo no mikaonty ny filazanareo.

14 Ary eo am-pieritreretana an'izany, nieritreritra an'ity aho, hoe ny fahafatesana dia tsy mifandray amin'ny fiainana. Tsy afaka hisy amin'ny fotoana iray ihany ny fiainana sy ny fahafatesana. Ary ireo hazo dia tsy maintsy manao an'ilay tsiron-kazo hiala aminy alohan'ny ahafahan'ny ravina ho faty eo amin'ilay hazo. Koa noho izany, ny fahafatesana dia mifandray—hieritreritra aho ao amin'ireo faritry ny olombelona—ny fahafatesana dia mifandray amin'ny fahotana. Satria talohan'ny nananantsika fahotana, dia tsy nanana fahafatesana mihitsy isika. Fa eo amin'izay misy ny fahafatesana, dia eo no misy ny fahotana; ary eo amin'izay misy ny fahotana, dia eo no misy ny fahafatesana; satria ny fahafatesana no vokatry ny fahotana.

15 Ary avy eo, izay . . . Ny fanahy izay manota, izany no ho faty. Fa rehefa nateraky ny Fanahin'Andriamanitra indray isika, dia manana ny Fiainana Mandrakizay ary tsy mifandray amin'ny fahafatesana na aiza na aiza. Hitanareo? Ny fahafatesana tsy afaka mifandray amin'ny Fiainana. Ny Fiainana tsy afaka mifandray amin'ny fahafatesana.

16 Ary niresaka tamin'ny—tao amin'ilay efitra izay nisy tanora Kristiana sasany omaly, hoy aho hoe, "Raha nitsangana teto amin'ny làlana teto ianareo ka tonga teo amin'ny làlana ny fiara iray tamin'ny sivifolo maily isan'ora tsy voafehy, dia hiala amin'io làla-malalaka io haingana arak'izay vitanareo ianareo. Hitsambikina ianareo, handositra, hanao ny zavatra rehetra, hiala amin'ny làlan'io fiara io." Ary tokony ho tahaka an'izany ny fahotana amin'ny Kristiana iray, satria mifandray amin'ny fahafatesana ny fahotana. Ary vantany vao mahita ny fahotana amin'ny endriny rehetra ianareo, dia mitsambikìna miala amin'izany, mialà lavitra an'izany. Tsy ahoako izay tsy maintsy hataonareo, mialà lavitra amin'ilay tena endriky ny

ratsy mihitsy. Satria tsarovy, ny mifandray amin'ny fahotana dia fahafatesana. Mitovy amin'ny hoe mitsangana eo mihitsy ka mamela an'io fiara io handòna anareo.

17 Aza miandry fotsiny ka mijery an'izay hataony; mialà amin'ny làlan'izany. Ilay tena endriky ny ratsy mihitsy, alaviro haingana mihitsy izany. Rehefa mahita fakam-panahy tonga ianareo, ka manota . . . Fantatrareo, raha zavatra ratsy ilay izy, dia mitily anareo io fahafatesana io. Hitanareo? Noho izany dia mialà lavitra an'izany haingana tahaka ny hialanareo lavitra ny—ny fiara iray manatona amin'ny sivifolo maily isan'ora. Hitanareo? Ianareo dia—te-hiala lavitra an'izany haingana mihitsy ianareo: Mialà amin'ilay làlana, mitsambikìna, mandosira, mihazakazaha na aiza na aiza, mialà lavitra an'izany fotsiny.

18 Ary ahoana no ahafantarantsika fa manana Fiainana isika, dia satria mankahala ny fahotana isika. Ary mankahala mafy ny fahotana isika, ka fantatsika fa ny fahafatesana no mifandray eo, ka manalavitra an'ilay tena endrik'izany mihitsy isika. Ny fomba rehetra ahafahantsika miala lavitra an'izany, dia mitsambikina isika, mihazakazaka, ny zavatra rehetra izay azontsika atao mba hialàna lavitra amin'ny fahotana, satria ny fahotana dia manana fahafatesana ao anatiny. Ary azo antoka fa tsy te-hampifandray na inona na inona amin'ny fahafatesana isika. Te-hiala lavitra an'izany isika.

19 Noho izany dia nihevitra aho fa mety ho eritreritra kely tsara iray izany. Nandòna ahy izany omaly teo am-piresahana tamin'ireo Kristiana ireo; ary nihevitra aho fa tsara ny ho tonga eto am-piangonana izao maraina izao, indrindra raha mbola mipetraka eto ireo olona tanora ary mandalo—mandalo an'ireo fakam-panahy tahaka an'izany.

20 Ary avy eo, mino aho fa fanontaniana iray, raha afaka manana an'izany fotsiny isika ato, zavatra iray hafa mifandray amin'izany koa . . . Ary tsarovy fotsiny fa ny zavatra rehetra izay fahotana, dia mipetraka eo mihitsy ny fahafatesana. Ary rehefa mandray anjara amin'io fahotana io ianareo, dia mandray anjara amin'ny fahafatesana. Noho izany dia mijanòna lavitra an'izany.

21 Ary inona ny fahotana? Ny tsi-finoana. Ah-hah! Mijanòna lavitra amin'ny tsi-finoana rehetra, ny zavatra rehetra izay tsy miraharaha ny Baiboly. Ny zavatra rehetra izay tsy miraharaha ny Tenin'Andriamanitra, dia mijanòna lavitra an'izany! Ary raha vitako ara-potoana ireto alohan'ny ananako ny asam-panasitranako, dia te-hiresaka kely mikasika an'izany aho, tsi-fanajana.

22 Ankehitriny, alohan'ny hamaliana an'ireo fanontaniana na hiezaka hanandrana an'izany, dia ndao isika hivavaka. Ry Rainay any an-danitra, tonga ao amin'ny Fanatrehanao izahay izao maraina izao amin'ny Anaran'i Jesosy, milaza

fa efa nanasaraka ny tenanay tamin'ireo zavatr'izao tontolo izao izahay, izay efa Nolazainy, hoe tsy afaka hanompo an'Andriamanitra sy mamôna ianareo, izany hoe izao tontolo izao; na izahay mankahala ny anankiray ka tia an'ilay hafa na tia an'ilay anankiray ka mankahala an'ilay hafa.

23 Ary mino izahay izao maraina izao fa mifandray amin'ny Fiainana Mandrakizay izahay rehefa manaiky an'i Jesosy Kristy amin'ny finoana ary manana ny porofon'ny Fanahy Masina miaina eo amin'ny fiainanay mitari-dàlana anay. Tena mankasitraka izahay ny amin'izany, hoe rehefa mahita ny fahotana izahay tsy mampaninona na toa mety ho bonaika toy ny ahoana, tsara tarehy toy ny ahoana aza izany, dia misy zavatra ao anatinay izay manao anay hitsambikina, hiala lavitra an'izany, tahaka an'ilay kisarisary izay nomeko mikasika an'ilay fiara tonga amin'ny hafainganam-pandeha mampatahotra. Tsy tianay ny ho tratra na aiza na aiza ao amin'ny—fahotana. Miala lavitra an'izany.

24 Ary ankehitriny, Tompo, mahatsapa izao maraina izao fa maro ny marary sy manana ilaina, hivavaka ho azy ireo aho, Tompo, mba Hanomezanao finoana azy ireo indrindra ato amin'ny tabernakla izao maraina izao izay hiditra ao amin'ny laharam-bavaka, mba hanesoran'izy ireo ny mavesatra kely rehetra, ny tsirairay—ny tsi-finoana rehetra, hiala lavitra an'izany haingana mihitsy, ary handositra hankeo amin'ny Tompo Jesosy amin'ny finoana mba hino.

25 Mivavaka ho an'ireo izay any amin'ny hopitaly sy any amin'ny trano fanarahana fitsaboana aho. Ary, Tompo, mivavaka ho an'ny reniko aho. Hatramin'izao, Tompo, dia Nohazoninao miaraka aminay izy, ary mankasitraka Anao izahay ny amin'izany. Ary amin'ny finoana no haninjiranay tànana miaraka amin'ny tànana mila, mba ahafantaranay ny sitrapon'Andriamanitra aloha, mba hahitana fa raha Sitrapony ny handehanany. Raha izany no Sitrapony, amin'izay fotoana izay izahay dia—izany no sitraponay, fa tianay ho fantatra aloha raha i Satana no nanao an'io ratsy io ary miara-miasa hahasoa an'ireo izay tia anay izany mba hanome anay fizahan-toetra iray. Avy eo, Tompo, te-hitsangana ho mahery fo eo amin'ny toeran'andraikitray izahay.

26 Mangataka izahay izao maraina izao, Ray, mba hahatsiarovana an'ireo antso an-telefona rehetra sy ireo fangatahana manokana izay miandry ao amin'ny birao ao. Tahio ireo malalanay hatraiza hatraiza.

27 Ary androany dia tonga eo amin'ny famaliana fanontaniana ilay izy, Tompo, fantatray fa lalina izy ireo, zavatra tso-po izay ao am-pon'ny olona. Tsy nametraka azy ireo mba hiadaladalana fotsiny izy ireo; nametraka azy izy ireo satria

dia liana amin'ny fahafantarana ny Fahamarinana izy ireo. Ny Teninao no Fahamarinana.

28 Noho izany, Ray, dia mivavaka izahay mba Hampifandraisanao ny sainay izao maraina izao amin'ity Fahamarinana ity, ny Teny, ary ampio izahay, Tompo, mba hahaizanay hahazo tsaratsara kokoa androany rehefa miala amin'ity tranon'ny fampianarana ity izahay, mba hahasoa ny fanahinay izany. Mangataka an'izany izahay ho voninahitr'Andriamanitra amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Ny Zanany. Amena!

29 Ankehitriny, misy mosara sasany mipetraka eto, heveriko, mba hivavahana, ary hataontsika izany tsy ho ela mihitsy vantany vao azontsika atao. Ankehitriny, amin'ny ora marina dia manana eo amin'ny adiny iray sy sasany eo isika. Tsy fantatro marina tokoa na, araka ny nolazaiko teo aloha, ho afaka hamaly an'ireto rehetra ireto aho na tsia. Fa ny kasainay ho an'ny fandaharana androany dia ny hamaly an'ireo fanontaniana, manana toriteny kely fotsiny eto—ho—mba hanampy ny finoan'ny olona, avy eo dia hanana vavaka ho an'ny marary. Ary tsarovy ireo fivoriana rahariva, sy ireo fivoriam-bavaka afovoan'ny herinandro, ireo fivorian'ny lehilahy, sy ny sisa.

30 Ary tsy fantatro ny mikasika ny Alahady heriny raha... Izaho dia manana lo—lohahevitra iray ao am-poko izay tiako ho entina amin'ny fiangonana raha azo atao, raha avelan'ny Tompo izany, amin'ny Alahady heriny ho avy, te—tena zavatra iray miavaka izay tonga tamiko tamin'ity herinandro ity mba ho toriana, hafatra iray ho toriana fotsiny, hafatra ara-pilazantsara... Ho hitantsika ny mikasika an'izany aoriana kely arak'izay hitarihan'ny Tompontsika.

31 Ary mivavaha ho ahy ankehitriny, satria hisy fanapahan-kevitra lehibe ho raisina. Rahalahy Roy Borders (ataoko fa mipetraka eto any ho any izy izao maraina izao), izy no mikarakara an'ireo fivoriana, ary manana boky iray feno fanasana izy izay tonga tao anatin'ny volana vitsy farany—sy ireo toerana haleha, ary ireo olona izay miantso azy ho an'ireo fivoriana. Ary noho izany dia mivavaha mba hamelan'Andriamanitra ahy handray an'ilay fanapahan-kevitra tsara amin'izay rehetra ataoko, enga anie ho marina ilay izy, ny—izany no hikaonty.

32 Ankehitriny, ny mamaly fanontaniana izay fantatsika dia maranitra...Ary izany no antony amaliako fanontaniana (tsy nanao filazana asam-panasitranana iray mihitsy izahay na zavatra, noho izany dia ho olona ao an-trano fotsiny izany eto), mba hahafahanay mahita an'izay tao am-pon'izy ireo.

33 Ary Rahalahy Neville mipetraka eto aoriana eto, rahalahintsika sy pasitera sarobidy, izy—tena mankasitraka aho

ny mahita azy mandroso ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra; mino aho fa lasa lavitra kokoa izy tao anatin'ny taona vitsy farany noho izy tamin'ny sisa rehetra tamin'ireo taona napetraka niaraka. Ahoana fa nitahy azy ny Tompo. Tena faly aho ny amin'izany.

34 Ary tsy hilaza eo anatrehany aho. . . Manao ao an-damosiny aho, ary fantatrareo izany. Nahafantatra an-dRahalahy Neville aho fony aho zazalahy iray fotsiny. Hitanareo? Ary fantatro fa raha Rahalahy Neville. . . Mino an'ity aho; iharan'ny fahadisoana tahaka antsika rehetra izy; isika—iharan'izany isika rehetra, mbola olombelona foana isika. Saingy tsy ho avy ao amin'ny fony izany; tsy mino an'izany aho. Ho tso-po izy, ary izy isan'andro no ambony indrindra amin'ny fahatsoram-po.

35 Ary rehefa tonga teo amin'ity Hafatra ity izy, dia nanana azy aho—nitondra azy teto tamin'ny alàlan'ny latsa-baton'ny fiangonana mba ho pasitera eto nefa tsy azony akory aza ireto zavatra ireto tahaka ny ahazoany ankehitriny. Fa ny fahatsoram-pony mba hanaiky hametraka ka handinika an'izany sy hanatona an'izany am-panajana, mandra-pihevitro fa manana fototra mafy tsara izy, ka rehefa tonga izy ankehitriny, dia fantany izay itsanganany ankehitriny.

36 Noho izany aho dia—tena faly aho ny amin'ny tabernakla. Ary milaza izy ireo indray hariva tao amin'ny—nanao fivoriana iray izy ireo teto na hanorina tabernakla iray vaovao izy ireo na hanitatra an'ity anankiray ity ka hanao azy goavana kokoa ary hanamboatra efitry ny sekoly Alahady ao anatiny; ary nifanaraka ny fiangonana nandatsa-bato ho an'ny fanitarana, hametraka fanitarana vaovao ho azy eto, hanao azy halalaka kokoa, ary hametraka efitry ny sekoly Alahady mba hisy kilasy ho an'ny kilasy rehetra, sy hanisy karipetra ny gorodona, sy hametraka hazo fotsy eo amboniny, sy hanamboatra azy tena tsara, ary làlam-bato bedford ao ivelany. Ary ny fiangonana no nandatsa-bato an'izany. Ary heveriko fa eo amin'ny asa ireo mpanao mari-trano sy izy ireo ankehitriny. Misy fivoriana ho an'izany rahampitso hanaovana azy ho—ho fiangonana iray goavana kokoa, hanitatra azy mankany aoriana sy hanamboatra azy manodidina ho hafa. Noho izany dia hankasitraka ny Tompo isika ny amin'izany.

37 Ankehitriny, ao amin'ireto fanontaniana ireto aho. . . Ny sasany amin'izy ireo dia tsy mbola nojereko akory aza izy ireo. Mety tsy maintsy handeha moramora aho hanonona an'ireo teny mba hahita. Tsy ny soratrareo ilay izy, fa ny fianarako no voafetra.

**151. Mino ny atao batisa izahay. . . Asa 2:38, saingy ahoana no ahafahanay hamaly ny olona mikasika an'ilay batisa hafa? Voavonjy ve izy ireo sa tsia? Ary ireo izay efa lasa koa nefa tsy nandray ny hazavana mihitsy?**

38 Ankehitriny, izany dia fa—fanontaniana tsara iray. Ankehitriny, mamelà ahy hilaza indray (hitanareo?) eo amin'ireto fanontaniana ireto, raha ianareo—raha tsy mamaly azy ireo araka ny eritreritrareo aho . . . Hamaly azy ireo tsara mihitsy amin'ny Soratra arak'izay fantatro aho, mba hanao azy ireo ho ara-tSoratra.

39 Ankehitriny, ny fomba ara-tSoratra ny amin'ny batisan'ny rano dia amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo, izay hita ao amin'ny Asa 2:38 sy ny sisa, ny Baiboly rehetra. Ary olona maro ankehitriny ary saika ny fiangonana rehetra hatrany ampiandohana, ilay anankiray izay nanomboka an'izany, manao batisa ny olona amin'ny anaran'ny Ray, amin'ny anaran'ny Zanaka, ary amin'ny anaran'ny Fanahy Masina izy ireo. Ankehitriny, manao an'izany amin'ny alàlan'ny fahadisoana izy ireo. Tsy misy fanirahana iray tahaka an'izany ao amin'ny Baiboly, na aiza na aiza mihitsy. Tsy hita ao amin'ny Soratra akory aza izany.

40 Rehefa i Petera . . . Rehefa nanoratra an'izay nolazain'i Jesosy i Matio . . . Eo amin'izay nandraisan'izy ireo ny Matio 28:19, "Koa mandehana ianareo, ampianaro ny firenena rehetra, manao batisa azy ireo amin'ny anaran'ny Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina" . . .

41 Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina, titra izany, fa tsy anarana. Ny Anaran'ny Ray, Zanaka, Fanahy Masina dia Jesosy Kristy Tompo. Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina . . . Ary raha Izy . . . Ary avy eo izy ireo dia nanao batisa nanerana ny Baiboly rehetra, ny olona tsirairay tamin'ny Anaran'i—an'i Jesosy Kristy Tompo. Nandeha nanohy izy ireo nanerana ny tantara mandrapahatongan'ny fiorenan'ilay Laodikiana (mamelà ahy), ilay Fivoriambe Niseana an'ny fiangonana Katolika tany Nise, Roma.

42 Rehefa ilay fiangonana Pentekotista . . . Vondrona roa, nisaraka izy ireo, ny iray te-hijanona amin'ny Teny, ny Teny voasoratra, ireo hafa nila fiangonana klasika iray. Nandritry ny fotoana nanjakan'i Constantin izany. Ary Constantin dia tsy lehilahy mpivavaka iray; mpanompo sampy iray izy eo am-piandohana. Fa izy—mpanao politika iray izy izay tehanakambana . . . Kristiana ny antsasak'i Roma; mpanompo sampy ny antsasany, noho izany dia nanao ny sasany amin'ny mpanompo sampy sy ny sasany amin'ny Kristianisma ho vondrona klasika iray izy; ary nanao ny fivavahany manokana izy ireo.

43 Noho izany, mba tsy hiraharahiana ny Baiboly, dia mino ny fiangonana Katolika fa Andriamanitra dia nanome fahefana ny fiangonana hanova na hanao ny zavatra rehetra izay tiany hatao. Hitanareo? Noho izany, raha marina ny an'ny fiangonana Katolika, raha marina fa nanao an'izany Andriamanitra, amin'izay fotoana izay dia diso avokoa isika rehetra afa-tsy

ireo Katolika (hitanareo?), marina ny an'ny fiangonana Katolika. Amin'izay fotoana izay dia marina ny an'ny fiangonana Metodista. Amin'izay fotoana izay dia marina ny an'ny fiangonana Batista, na marina ny an'ireo rafi-pandaminana rehetra. Hitanareo? Manana zò izy ireo. Ary iza no manana ny marina amin'izay fotoana izay? Raha manana fahefana ny Katolika hoe afaka manova ny zavatra rehetra izay tian'ny Baiboly holazaina izy ireo ary manao an'izany ho karazana foto-pampianarana hafa iray hatrany amin'ny hoe "Arahaba, ry Maria" sy ny sisa, dia manana zò ny Metodista hilaza hoe, "Diso ny batisa amin'ny alàlan'ny fanitrihana; isika dia hamafy," ary marina ny an'ny olona rehetra, satria ny tsirairay avy dia afaka manao an'izay ataon'ny fiangonana, ankehitriny, iza no fiangonana arak'izany? Metodista ve, Batista, Presbyterana, Katolika, sa inona izany? Hitanareo?

44 Noho izany ianareo dia tsy afaka—fantatrareo fa Andriamanitra, ilay—ilay loharanon'ny fahendrena rehetra dia tsy afaka hanao zavatra tahaka an'izany. Tsy misy zavatra tahaka an'izany. . . Tsy misy fisainana tsara akory aza ao anatin'izany, avelao hipetraka tsara ny fahaizan'ilay Vatana ivelan'ny voajanahary. Misy zavatra anankiray izay marina; izany dia ny Teny. Ny Teny no marina!

45 Koa noho izany, raha te-hilaza ny fiangonana Katolika izao maraina izao hoe, "Ho foanantsika fotsiny ny batisa manontolo ka hihinana vongan-tsiramamy iray isa-maraina. Izany no horaisintsika ho famelàna ny fahotana!" amin'izay fotoana izay dia tsy maintsy ho marina izany, satria izany—Andriamanitra no nanome an'izany fahefana izany ho an'ny fiangonana.

46 Fa hitanareo, amiko dia ny Teny no marina, satria eo amin'ny faran'ny Baiboly, dia nilaza an'ity Andriamanitra tao amin'Ny Teniny hoe, "Na iza na iza hanaisotra Teny anankiray amin'Ity na hanampy teny iray amin'Izany, dia samy esorina, ny anjarany, ao amin'ny Bokin'ny Fiainana." Noho izany amiko ilay izy dia ny Teny!

47 Ary tsy misy zavatra tahaka an'izany ao amin'ny Baiboly hoe nisy olona iray hany natao batisa tamin'ny anaran'ny Ray, Zanaka, Fanahy Masina; satria tsy misy ny zavatra tahaka an'izany. *Ray dia* tsy anarana; ary *Zanaka dia* tsy anarana; ary *Fanahy Masina* dia tsy anarana, fa ny Anaran'ny Ray, Zanaka, Fanahy Masina dia Jesosy Kristy Tompo. Izany marina tokoa no neken'ireo apostoly ary nanerana ny taona rehetra.

48 Ankehitriny, ny fanontaniana manaraka dia . . . Marina ara-tSoratra izany. Izany no Fahamarinana.

49 Ary ao amin'ny Baiboly rehefa nahita olona izay nasitrika tamin'ny fomba hafa ankoatry ny Anaran'i Jesosy Kristy izy ireo, dia nodidiana izy ireo mba haverina hatao batisa indray tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy talohan'ny nahafahan'izy ireo

nandray ny Fanahy Masina—Asa 19:5. Marina! Noho izany dia izany no Fahamarinana ara-tSoratra.

50 Ankehitriny, tsy misy eveka; tsy misy arseveka; tsy misy mpitoriteny; tsy misy olona hafa afaka milaza teny iray manohitra an'izany, satria izany no Fahamarinana. Hitanareo?

51 Ary nangataka aho indray andro tany Chicago teo anatrehan'ny mpitoriteny telonjato izay nitsangana tany mba hiady hevitra sy hanontany an'izany. . . Izaho. . . Ary niteny tamiko ny Tompo, nanome ahy fahitana iray Izy, ary niteny tamiko hoe ho aiza izahay ary inona no hatao. Nitsangana teo anatrehan'ny mpitoriteny triniterana telonjato aho, ary hoy aho hoe, "Ankehitriny, raha tena diso aho amin'ity foto-pampianarana ity, ny sasany aminareo lehilahy aoka hitsangana eto ary asehoy ahy hoe aiza aho no diso amin'ny alàlan'ny Soratra fa tsy misy boky fianarana. Raha tsy misy ny zavatra toy ny hoe taranaky ny menarana na zavatra tahaka an'izany izay nampianariko, dia tongava eto fotsiny ka asehoy ahy amin'ny alàlan'ny Soratra." Tsy nisy olona nihetsika (hitanareo?), satria tsy azo atao izany. Marina izany. Tsy ny ho hafa, fa ny Fahamarinana fotsiny izany; ny Teny izany. Ary eo no misy. . . Tsy misy olona afaka miady hevitra an'izany; izany no Tenin'Andriamanitra; tsy misy olona afaka manao an'izany. Hitanareo?

52 Fa ankehitriny, "Ireo izay tsy manana ve. . ." Mamelà ahy hamaky an'ity mba hahazoana antoka fa marina ilay izy. Hitanareo? "Mikasika an'ireo batisa hafa, voavonjy ve izy ireo sa tsia? Ireo izay efa lasa koa nefa tsy nandray ny hazavana mihitsy?"

53 Eny, mino aho—mino mafy mihitsy aho fa Andriamanitra dia niantso ny Olony ary nanendry Ny Fiangonany, sy ireo rehetra izay ho any, talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Mino aho fa ny Baiboly no mampianatra an'izany. Ary mino aho fa ny olona rehetra izay tia an'Andriamanitra amin'ny fony rehetra dia hitady ny Fahamarinana. Izaho—izaho—mino an'izany aho, hoe hanao an'izany izy ireo. Ny olona rehetra izay tia an'Andriamanitra dia hanao an'izany.

54 Mino aho fa raha natao batisa diso tamin'ny tsy fahalalana ny olona iray, tsy fantany fa natao batisa diso izy. . . Ankehitriny, tsy afaka milaza an'ity araka ny Soratra aho. Saingy mino an'izany amin'ny foko aho hoe raha tena tsy mahafantatra an'izay hatao marina ny olona iray, ary nanao zavatra araka ny tsara indrindra amin'ny fahalalany izy, dia mino aho fa tsy hiraharaha an'izany Andriamanitra ka hamonjy azy na ahoana na ahoana, 'satria izy tsy nanana. . . Tsarovy, tamin'ny andron'i Wesley, tamin'ny andron'i Luther tao amin'ny fanavaozana, ireo lehilahin'Andriamanitra malaza izay najain'Andriamanitra sy noporofoiny fa nanaja azy ireo Izy, dia

maty tao amin'ny finoana izy ireo (hitanareo?), niaraka tamin'ny Hazavana rehetra izay nananan'izy ireo.

55 Ary mety misy zavatra mbola inoako tahaka... Nandre an'i Charles Fuller ve ny olona iray aninkeo maraina mikasika ny "Oran'Ny Fifohazana Amin'Ny Fanao Fahiny?" Iray amin'ireo mpampianatra Baiboly tiako indrindra izy, kanefa izy dia tena, tena antitra, ary... Saingy heveriko fa mpampianatra Baiboly iray malaza izy. Ary nilaza izy aninkeo maraina (nampianatra teo izy mikasika—mikasika ny faminaniana, mino aho); nilaza izy fa—fa nisy zavatra lehibe eo aloha, ireo zavatra izay tsy misy na inona na inona fantatry ny fiangonana dia hosokafana amin'ny olona. Hoy aho, "Amena!" amin'izany. Mino aho fa mbola manana Hazavana lehibe tonga foana isika ankehitriny izay hanondraka ny tany fotsiny indray andro any mandritry ny fotoana fohy, angamba ao anatin'ny volana vitsy fotsiny. Saingy mino aho fa misy Hazavana lehibe ho avy.

56 Mino aho fa ny olona rehetra eo amin'ny finoany sy ny fahatsoram-pony ary mandeha ao amin'ny Hazavana rehetra izay ananany dia hovonjena.

57 Tsarovy, amin'ny fihavian'ny Tompo Jesosy, tsaroanareo ve hoe ahoana no Nahitany an'ireo izay nandeha tao amin'ny Hazavana rehetra izay tsy maintsy nandehanan'izy ireo? Tsaroanareo ve izay nitranga? "Tsy lehilahy tsara ve izy, na dia Mpifehy zato Romana iray aza, izy no nanorina ny tanànantsika—na synagoga iray ho an'ny olontsika, ary izy dia (ireo zavatra rehetra izay nataony ireo)—mendrika an'io fitahiana nangatahana ho azy io izy." Indro, Andriamanitra dia Ray iray mahazo; Fantany ny fonareo, na mahita Hazavana marina tokoa ianareo na tsy mahita Hazavana; Fantany.

58 Ankehitriny, mino amin'ny foko rehetra marina tokoa aho fa ny valiny marina ho an'ity fanontaniana ity dia hoe ny batisa marina dia amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ary hoe ireo izay natao batisa nifanohitra nefa tao am-pon'izy ireo, tsy fitiavan-tena, manao fotsiny hoe, "Eny, tsy te-hiadaladala an'izany aho!"... Ankehitriny izany olona izany, hiankina amin'izy ireo sy Andriamanitra izany. Fa raha tsy nahafantatra hafa izy ireo, dia mino aho fa voavonjy izy ireo. Izaho—mino an'izany amin'ny foko rehetra aho, satria tsy nahafantatra hafa izy ireo.

Afaka mijanona ela, ela be eo amin'ity anankiray ity isika, saingy miezaka isika ny hahavita azy rehetra ireo raha vitantsika.

**152. Hanazava ny Hebreo 6:4 sy 6 ve ianao azafady, ary azavao koa ny Hebreo 10:26-39? Azavao azafady raha manondro an'ireo olona manana ny Fanahy Masina izany na ireo olona nohamasinina; azavao azafady ilay fahasamihafana.**

59 Eny, ndao jerentsika hoe aiza no tondroin'ilay olona, Hebreo 6 sy 4. Tiako ireo fanontaniana ara-Baiboly izay fotsiny—

mamoaka zavatra ao anatinareo izany izay andraisanareo—andraisanareo zavatra izay tsy ho azonareo amin'ny fomba hafa. Satria ianareo—azonareo izay eritreretin'ireo olona hafa, izay ao am-pon'izy ireo (hitanareo?), ary fantatrareo izay ataon'izy ireo.

Ankehitriny, etsy ny Hebreo 10, ary eto ny Hebreo 6 sy 4. Eny àry.

> *Fa tsy azo atao ho an'ireo* izay *efa nohazavaina indray mandeha, ka nanandrana ny fanomezana avy any andanitra, ary natao mpandray anjara amin'ny Fanahy Masina,*
>
> *Ary efa nanandrana* tamin'*ny . . . tenin'Andriamanitra, sy ny* herin'*ny fiainana ho avy,*
>
> *Raha hihemotra izy ireo, ny hanavao ny* tenany *indray* ho *amin'ny fibebahana; satria* dia *manohombo ny Zanak'Andriamanitra amin'ny hazo fijaliana amin'ny tenany indray izy ireo, ka manao azy ho fahamenarana.*

Ankehitriny izay ny anankiray. Ankehitriny, Hebreo 10:26. Eny àry, Hebreo 10 sy 26.

> *Fa raha minia manota isika rehefa avy . . . isika . . .* nandray *ny fahalalana ny fahamarinana, dia tsy misy intsony fanatitra nohon'ny* ota,
>
> *Fa fiandrasana matahotra* ny *fitsarana . . .* ny *fahatezerana mirehitra, izay handevona ny* fahavalo.
>
> *Izay nanamavo ny lalàn'i Mosesy dia maty tsy nisy famindrampo teo ambanin'ny vavolombelona roa na telo:*
>
> *. . . tsy mihoatra noho izany ve* ny famaizana mafy, *izay heverinareo, ho mendrika azy—*tokony *ho mendrika, an'izay* efa nanitsaka ny—*teo ambanin'ny tongotra ny Zanak'Andriamanitra, ary* efa *nanao ny ràn'ny fanekena, izay nanamasinana azy, ho zavatra tsy masina, sady . . . efa naniratsira* an'*ireo* asan'*ny fahasoavana?*

60 Saiky ilay zavatra iray ihany izy roa ireo. Ankehitriny, tiako ny hanazava an'ity amin'ilay—ilay olona. Ankehitriny, raha mahamarika ianareo eto amin'ny Hebreo 6 sy 4, dia izao no voalaza, "Tsy azo atao ho an'ireo izay efa nohazavaina indray mandeha . . . " Izany—izany dia mifandray amin'ity Soratra hafa izay vao avy novakiana ity. Raha efa nohazavaina ianareo nefa avy eo mihodina miala amin'ny fahazavanareo, dia tsy azo atao ho an'io olona io ny mba hahazo ny toerany indray. Hitanareo?

61 Ankehitriny, ny Hebreo dia miteny fotsiny ny sazy izay manaraka an'izany fandàvana izany. Izany no iray amin'ireo zavatra mahatsiravina indrindra eto amin'izao tontolo izao dia ny mandà an'i Kristy, dia ny mandà ny Hazavan'ny Soratra.

62 Ankehitriny, mariho, “Fa tsy azo atao ho an’ireo izay efa nohazavaina indray mandeha sady efa natao ho mpandray anjara amin’ny Fanahy Masina, raha mihemotra izy ireo ny hanavao ny tenany indray ho amin’ny fibebahana . . .” Hitanareo? Eto isika izao. “Fa tsy azo atao ho an’ireo izay efa nohazavaina indray mandeha, sy efa nanandrana (diniho), *nanandrana* ny fanomezana avy any an-danitra . . .” Efa teo amin’ny sisin’izany mihitsy izy ireo: “nanandrana ny fanomezana avy any an-danitra . . .”

63 Ankehitriny, mahamarika ianareo fa tsy mbola tonga teo amin’ny batisan’ny Fanahy Masina mihitsy izy ireo. Hitanareo? Nohazavaina tamin’izany izy ireo: “Ary nanandrana ny fanomezana avy any an-danitra (Hitanareo?), fa natao mpandray anjara amin’ny Fanahy Masina (tamin’ny alàlan’ny fanandramana an’izany), ary efa nanandrana ny Teny tsara an’Andriamanitra, (ampahan’izany; Hitanareo?) ary ireo herin’ny fiainana ho avy, raha hihemotra izy, ny hanavao ny tenany . . .”

64 Ankehitriny, Hebreo 10 eto dia manome fotsiny ny fitsarana ho an’izany. “Izay nanamavo ny lalàn’i Mosesy dia maty tsy nisy famindrampo teo ambanin’ny vavolombelona roa na telo. Tsy mihoatra noho izany ve ny famaizana mafy, tokony ho mendrika, an’izay efa nanitsaka ny Ràn’i Jesosy Kristy ka nanao azy ho zavatra maloto izay nanamasinana azy ireo?”

65 Ankehitriny, mba hametrahana an’ireo roa ireo miaraka hanaovana an’ilay fanontaniana ho anareo, dia ndao isika haka Soratra iray sy olona iray ao amin’ny Baiboly izay nanao an’izany, ary avy eo dia afaka mahita isika.

66 Ankehitriny, ny fiangonana rehetra amin’izao andro izao dia ny tandindona mialoha an’ilay tandindona. Fantatsika izany. Misy tandindona iray sy tandindona mialoha iray. Ankehitriny, rehefa teo amin’ny diany avy tany amin’ny tanin’i Palestina ny Isiraely, na, avy tany Egypta nankany Palestina, dia tandindon’ny fiangonana ao amin’ny ara-panahy amin’izao andro izao ao amin’ny diany mankany amin’ny tany nampanantenaina . . . Mifanaraka amin’izany ianareo rehetra sa tsy izany? Mifanaraka amin’izany ireo teolojiana rehetra, hoe izany ilay tandindona.

67 Niala tany Egypta izy ireo. Egypta no izao tontolo izao. Nivoaka izy ireo, nandeha namaky ny ranon’ny fisarahana teo amin’ny Ranomasina Mena tamin’ny alàlan’ny batisa, tonga teo amin’ilay ilany hafa nifaly sy nidera an’Andriamanitra, nandeha nankany amin’ny—nahazo ny lalàna, ary avy eo dia nankany amin’ny tany nampanantenaina.

68 Eny, efa voamarikareo ve fa talohan’ny nahatongavan’izy ireo tany amin’ny tany nampanantenaina mihitsy (hitanareo?), talohan’ny nidiran’izy ireo tao amin’ny tany nampanantenaina,

izay andro vitsy fotsiny, na folo na iraika ambin'ny folo andro, angamba tsy betsaka tahaka an'izany, satria efapolo maily mahery fotsiny ilay izy. Ho efa niditra avy hatrany tao amin'ny tany nampanantenaina izy ireo, nandalo avy hatrany izy ireo an'ilay—ilay taona—ny tsirairay—ny dingana tsirairay an'ilay dia izay nandehanantsika. Ary nandalo izy ireo, niampita ny Ranomasina Mena. Maty an-drano taorian'izy ireo ny tafik'i Farao. Afaka tamin'ny fahavalony izy ireo, nanomboka nitety ny an-efitra, ary tonga teo amin'ny sisin'ny tany nampanantenaina tao Kadesy-Barnea, ary tao izy ireo no tsy nahomby. Nahoana? Nahoana izy ireo no tsy nahomby?

Ankehitriny, nilaza tamin'ireo foko folo i Mosesy, hoy izy hoe, "Haniraka lehilahy iray isaky ny foko Izy hisolo tena ny foko tsirairay, handeha hisafo ny tany mba hahitana hoe karazana toerana inona no nisy azy."

69 Ankehitriny, raha tsy izany marina tokoa no misy ny—ny toeranareo izao maraina izao, izay ahatongavanareo androany. Ianareo . . . Ny fiangonana dia efa nandalo ny fanamarinana tamin'ny alàlan'i Luther, nandalo ny fanamasinana tamin'ny alàlan'ny Metodista, ary ankehitriny dia eo amin'ny fotoan'ny teny fikasana. Ny teny fikasana dia ny batisan'ny Fanahy, izay nampanantenaina manerana ny Testamenta Taloha sy Vaovao koa (hitanareo?), ny teny fikasana: "Indro, Izaho mampitondra ny teny fikasan'Ny Raiko ho anareo . . . " Nilaza an'izany i Petera tamin'ny andron'ny Pentekosta.

70 Izany no Fampanantenana. Ny tany nampanantenaina dia ny hiaina ao amin'io tanin'ny Fanahy Masina io. Izany no fampanantenan'Andriamanitra ho an'ny fiangonana, dia ny hiaina ao amin'ny herin'ny Fanahy. Tontolo iray hafa izany; tany iray hafa izany. Tsy maintsy mivoaka avy ao amin'ireo toerana izay nisy anareo ianareo, hivoaka mba hipetraka ao amin'ity tany nampanantenaina ity, mba handray ny teny fikasana. Tsarovy ilay teny fikasana hoe, "Hahazo hery avy any ambony ianareo, aorian'izany, dia tonga eo aminareo ny Fanahy Masina . . . "?

71 Ary nilaza i Petera fa ny teny fikasana izay natao nanerana ny Testamenta rehetra, Taloha sy Vaovao . . . Ianareo—hitanareo ny fampanantenana mitohy hatrany, mitohy hatrany amin'ny andron'ny Pentekosta, ary avy eo dia niditra tao amin'ny teny fikasana izy ireo.

72 Ankehitriny, ireo olona ireo dia nivoaka ka nahita famantarana sy fahagagana lehibe tao Isiraely. Ary avy eo dia naniraka lehilahy sasany izy hisafo ny tany, anankiray isaky ny foko tsirairay. Ary ny sasany tamin'izy ireo dia niverina . . . Eny, ny sasany tamin'izy ireo dia tsy te-handeha. Anankiroa no nandeha. Rehefa niverina izy ireo, dia nanana andiana voaloboka iray izay nila lehilahy anankiroa hitondra azy.

Ankehitriny, tsy mbola nanandrana voaloboka mihitsy izy ireo. Izy ireo dia tany—tany an-efitra izy ireo; ary noho izany, tsy nisy toeram-boankazo sy ny karazany tao amin'io toerana io. Nihinana avy tamin'ny mana izy ireo, mofo avy any An-danitra, sy papelika, ary natiora, ary izany no nohanin'izy ireo.

73 Fa ankehitriny dia nandeha nankao amin'ilay tany izy ireo, ary nanana andiana voaloboka izay tena goavana ka nila lehilahy anankiroa hitondra an'ireo voaloboka ireo. Dia niditra nankao amin'ilay tany ireo anankiroa ireo ary niverina ka nanome fanandramana an'ireo voaloboka ireo ho an'ny tsirairay avy tamin'ireo hafa teo amin'ny morona. Inona no nataon'izy ireo?

Ary rehefa niverina izy ireo, raha tokony nifaly satria nahazo fanandramana an'ireo voaloboka, raha tokony ho izany, dia niverina nankany amin'ny fokony izy ireo ka nanao hoe, "Oh, saingy nahita an'ireo tanànan'ny Filistina lehibe voaisy manda izahay, na ireo Hetita, sy ireo Perizita ary ireo—ireo—ary ireo *ita* samihafa rehetra any ireo." "Nahoana," hoy izy ireo, "olombe izy ireo. Nahoana, tahaka ny tsingentana izahay eo anilan'izy ireo. Tsy afaka maka an'io tany io isika. Nahoana no nentinareo teto izahay na ahoana na ahoana?" Hitanareo? Ary nilaza ny Baiboly fa izy rehetra dia levona tany an-efitra, ny tsirairay avy tamin'izy ireo; maty izy ireo. Inona no nataon'izy ireo? Mpino mpanara-driandrano izy ireo. Tonga teo amin'ilay tena zavatra mihitsy izy ireo, ary nahita ny teny fikasana, nefa nahatsapa fa tsy afaka ny handeha sy handray an'ilay teny fikasana.

74 Ankehitriny, izany marina tokoa no miseho amin'izao andro izao amin'ny alàlan'ny fanamarinana sy ny fanamasinana. Hitanareo? "Nanitsaka ny Ràn'i Jesosy Kristy izay nanamasinana azy," izany dia ireo olona nohamasinina izay tonga eo amin'ny toerana iray izay ahitan'izy ireo ny batisan'ny Fanahy Masina, nefa mihodina miala izy ireo ka manao hoe, "Fanatisma izany; tsy afaka mandray an'izany izahay. Ho voaroaka amin'ny kilasinay izahay; ho voaroaka amin'ny toeranay izahay. Ho voaroaka amin'ny fiangonanay izahay. Tsy afaka manao an'izany izahay (hitanareo?), satria mifanohitra amin'ny fampianaran'ny fiangonanay izany." Hitanareo? Efa nanao ny Ràn'i Jesosy Kristy izay nitondra Azy tamin'io halavirana rehetra io, hatrany amin'ny fanisiana tombokasen'ny teny fikasana mihitsy, nefa avy eo dia miala lavitra an'izany. Nilaza izy fa tsy azo atao tanteraka mihitsy ny mba hahavoavonjy azy ireo. Hitanareo, hitanareo? Tsy ilay efa nandeha tao amin'ny tany nampanantenaina . . .

75 Tsarovy, Josoa sy Kaleba no hany anankiroa avy tamin'io vondron'olona roa tapitrisa sy sasany manontolo io izay niditra tao amin'ny tany nampanantenaina, satria niditra tao amin'ny tany nampanantenaina izy ireo, ary nahazo ny tso-drano, dia

niverina. Ary hoy izy ireo, "Afaka maka azy isika, satria Andriamanitra no niteny an'izany."

76 Dia nijanona tao izy ireo. Nahoana? Ankehitriny, ireo olona rehetra ireo dia nijery an'ireo toe-javatra, fa Josoa sy Kaleba dia nijery an'izay nolazain'Andriamanitra hoe: "Efa Nomeko anareo io tany io; mandehana alaivo izy."

77 Ary izany amin'izao andro izao, hoy ny olona hoe, "Oh, raha atao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy aho, raha mandray ny Fanahy Masina aho, raha—raha hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra aho na maminany, ary raha hijoro vavolombelona na hihiakiaka ao amin'ny fiangonako aho, dia handroaka ahy izy ireo." Mandrosoa avy hatrany!

78 Hoy ianareo hoe, "Eny, hoteneniko aminao izao ankehitriny izao, miaina fiainana Kristiana iray aho; miaina fiainana tsara iray aho, madio, nohamasinina . . ." Marina izany, saingy tonga eo amin'ilay fampisehoan-kery ianareo, tonga teo amin'ilay toerana, teo amin'ny sisin-tany. Ary raha miala lavitra an'izany ianareo, amin'izay fotoana izay dia "tsy azo atao ho an'ireo izay efa nohazavaina indray mandeha . . ." Hitanareo?

79 Amin'ny teny hafa, tonga eo amin'ny fanamarinana ny olona iray, lasa izy, manao hoe "Mino aho fa te-hitory ny Teny aho." Voavonjy izy; hoy izy hoe, "Leo ny fahotana aho." Eny àry. Avy eo izy dia mivoaka, ary voalohany dia mbola mifoka sigara foana izy, ary angamba mitsiririritra izy na zavatra iray. Afaka kelikely dia hoy izy hoe, "Andriamanitra, tsy mety amin'ny Kristiana izany, indrindra fa ny mpitoriteny iray, ny mijery vehivavy amin'ny fomba ratsy, ny mifoka sigara!" na; "Tena mandray fiaraha-misotro labiera miaraka amin'ireo namana aho, nefa—ary na dia ny fiangonako aza, nefa toa tsy mety izany. Hamasino aho, Tompo." Ary avy eo dia manamasina azy ny Tompo, manaisotra an'io fitsiriritana rehetra io aminy, ny zavatra rehetra. Avy eo dia vazy iray nohamasinina izy. Avy eo ny atolotr'Andriamanitra azy dia ny batisan'ny Fanahy Masina. Mba hanaovana an'izany, dia tsy maintsy mivoaka avy ao amin'io andiany izay iarahany io izy. Eo no anehoany ny lokony; amin'izay fotoana izay dia mihemotra izy. Inona no ataony rehefa mihemotra izy? Manitsaka ny Ràn'i Jesosy Kristy izay nanamasina azy izy, ho toy ny zavatra tsy masina, tsy afaka hitondra azy hatreo. Amin'izay fotoana izay dia tsy azo atao ny hahavoavonjy azy. Ary avy eo inona no ataon'izany? Afa-tsy ny mankany amin'ny fahatezerana mirehitra sy ny fitsarana.

Manantena aho fa mazava izany. Raha tsy izany ilay izy, nahoana, ampahafantaro ahy amin'ny fotoana iray hafa. Manana betsaka amin'izy ireo aho eto, izaho . . .

**153. Rahalahy Branham, inona no tian'i Jesosy nolazaina ao amin'ny Masindahy Jaona 21:15 ka hatramin'ny 17 rehefa nanontany an'i Petera izy raha tia Azy izy ka niteny taminy**

**mba hamahana ny Zanak'ondriny, avy eo dia hoy Izy hoe, "Fahano ny Ondriko!" ary ao amin'ny andininy faha-17 dia nilaza indray izy hoe, "Fahano ny Ondriko!"?**

80 Eny, izao fotsiny izany. Hitanareo, Kristy no Mpiandry ondry. Lasa Izy, ary nametraka fanirahana mikasika Ny Ondriny Izy, izay fahanan'ny mpiandry ondry rehetra, dia Ny Andian'ondriny, Ny Fiangonany . . . Hitanareo? Izy no nitarika—na nametraka ny fanirahana tamin'ireo mpianatra ireo mba hanohy hamahana ny andian'ondry, ny—mba ho mpiandry ondry iray, hamahana ny ondry.

81 Raha lazaina amin'ny teny hafa dia tahaka an'izao, raha—raha mijery eto ianareo . . . Eto izao maraina izao, izany no ataoko. Ankehitriny, ny ondry dia hitombo fotsiny ihany arakaraky ny hanomezanareo azy ireo sakafon'ondry. Ankehitriny, raha hanendy hamburger goavana iray ianareo ka hanome an'izany ho an'ny ondry iray, dia tsy afaka hitombo eo amin'izany izy, satria, hitanareo, izy tsy—tsy sakafon'ondry izany. Hitanareo? Ary—ary raha hanendy ianareo na ho ny—hanamboatra nofon-kena T-bone tsara iray, ka hanome an'izany ho an'ny ondry iray, izany—tsy sakafon'ondry izany. Tsy afaka hihinana an'izany fotsiny izy, izay ihany, satria ondry iray izy. Fa ny ondry dia tia sakafon'ondry. Eny noho izany, rehefa tsy maintsy hamahana ny Andian'ondrin'Andriamanitra ianareo, dia aza mamahana azy ireo amin'ny teolojia nataon'olombelona; fahano amin'ny Teny izy ireo; avy eo no itomboan'ny ondry. Fahano amin'ny Teny!

82 Aoka ho mpiandry ondry iray, tena mpiandry ondry iray. "Fahano ny Ondriko." Ny zanak'ondry dia ireo madinika, mazava ho azy, ary ny ondry dia ny olon-lehibe. Noho izany ny tanora sy antitra, fahano ny ondrin'Andriamanitra! Hitanareo? Ary fahano amin'ny Teny izy ireo! Ny Teny (hitanareo?) no Fahamarinana! Hoy Jesosy hoe, "Tsy ny mofo ihany no hiveloman'ny olona, fa ny teny rehetra izay aloaky ny vavan'Andriamanitra." Marina ve izany? Koa noho izany, raha tsy maintsy ho velona ny olona ka andian'ondrin'Andriamanitra izy ireo, ity—ny fiangonana, amin'izay fotoana izay dia tsy maintsy mitombo amin'ny Teny sy ny Manan'Andriamanitra izy ireo. Ity No Manany!

83 Ao amin'ny—ny Baiboly, vao avy nandalovantsika izany tao amin'ireo—tao amin'ireo—tao amin'ireo Taom-Piangonana. Jesosy no Mana miafina; Kristy no Manan'ny fiangonana. Inona ny mana? Ny mana ao amin'ny Testamenta Taloha dia izay nidina avy any An-danitra vaovao isan-kariva mba hanohanana ny fiangonana tao amin'ny diany. Marina ve izany? Ankehitriny, ao amin'ny Testamenta Vaovao dia inona ilay Mana miafina? "Vetivety foana dia tsy hahita Ahy intsony izao tontolo izao (miafina); kanefa ianareo no hahita Ahy, satria homba anareo Aho, ho ao anatinareo mihitsy aza

hatramin'ny fahataperan'izao tontolo izao." Ary Kristy io Mana miafina io izay avy amin'Andriamanitra any An-danitra vaovao isan'andro—isan'andro.

84 Tsy afaka milaza isika hoe, "Eny, roa herinandro lasa izay dia nanana fahatsapana lehibe iray ny amin'Andriamanitra aho." Ahoana ny amin'izao ankehitriny izao? Hitanareo? Isan'andro, vaovao, fitahiana vaovao, zavatra vaovao avy amin'Andriamanitra, ny Mana miafina izay midina avy amin'Andriamanitra any An-danitra, Kristy. Ary mivoky amin'ity Mana ity isika izay Kristy, ary manohana antsika mandritra ny dia Izy mandra-pahatongantsika ao amin'ilay—ilay tany eny amin'ny ilany hafa.

85 Ankehitriny, izany no Tiany nolazaina, "Fahano ny Ondriko." Raha hanohy eo amin'izany isika, dia tsy ho tonga amin'ny sisa amin'ireo fanontaniana mihitsy, satria anankiray tsara izany ho ahy. Tiako izany, rehefa miresaka ny amin'i Kristy ho Mana sy Sakafo ho an'ny ondry aho.

86 Fahano an'i Kristy avy amin'Ny Teniny izy ireo. Hitanareo? Raiso ny Tenin'i Kristy araka ny nanoratana azy eto marina tokoa ka omeo ho an'ny ondry izany. Tsy mampaninona izay lazain'ny olon-kafa hoe, "Oh, mila hamburger iray izy ireo!" Aza mino an'izany. Ity no ilain'izy ireo, eto mihitsy! Ity Izany. Hitanareo? Omeo azy ireo Ity! Ity no Sakafon'ondry. Izany no manao azy ireo hitombo. Ny Fanahy Masina, ity No Teniny, ny Fanirahany. Ny Teny dia Voa iray. Ny voa dia miteraka zava-maniry iray; ny zava-maniry no hanintsika. Ankehitriny, izany no miteraka an'ilay zava-maniry izay itomboan'ny Fanahy Masina, dia ilay Fiangonana. Izany no mamahana . . . Izany—Izany—Izany no mamahana an'ilay Fiangonana, ny Fanahy Masina no mamahana, mifaly eo anatrehan'Andriamanitra, satria mino Ny Teniny ny olona ary mamela Azy hiasa amin'ny alàlan'izy ireo, nanome azy ireo an'ireo tena zavatra izay nampanantenain'Andriamanitra azy ireo mihitsy fa hataon'izy ireo. Ary mahita Ny Fiangonany mitombo Andriamanitra, noho izany dia voky ny ondry, ary omem-boninahitra ny Fanahy Masina. Hitanareo? Izay ilay izy. "Fahano ny Ondriko!" Eny àry.

Ankehitriny, raha tsy izay ny rehetra, nahoana, ampahafantaro ahy aoriana kely.

**154. Ranadahy Branham, raha nandalo teo amin'ny laharam-bavaka aho fotoana fohy lasa izay, tànana voahosotra no nipetraka teo amiko ary natao ny vavaka ho an'ny vadiko tsy voavonjy. Nohozongozonin'ny herin'ny Tompo aho! Famantarana iray voafaritra ve izany hoe ho voavonjy izy?**

87 Eny, ny . . . Tsy maintsy ho vehivavy iray izany. Ranabavy, izaho tsy—tsy hihevitra aho fa famantarana iray voafaritra izany hoe tokony ho voavonjy izy, na dia mino aza aho raha—

fa Andriamanitra, izany. . .Mino aho fa ho voavonjy izy, izany tokoa, saingy ny milaza. . . "Ankehitriny, afaka milaza ve ianao fa izany no HOY NY TOMPO HOE?" Mitandrema tsara mikasika an'izany (hitanao?), satria, hitanao, mety ho ny Fanahy Masina no mitahy anao, satria nanohana an'i Kristy ianao. Hitanareo?

88 Tonga eto ianao hanohana ny vadinao mpanota tahaka ny nandehanan'i Kristy teo amin'ny hazo fijaliana hanohana an'ilay fiangonana mpanota. Hitanao? Zavatra iray lehibe no nataonao. Fa izay hataoko. . .Raha manatrika ianao izao maraina izao, raha ianao izay nanoratra an'ity fanontaniana ity, ny hataoko, hino amin'ny foko rehetra aho fa hataon'Andriamanitra izany (hitanao?)—hoe hataon'Andriamanitra izany, satria na nanome anao an'ilay fitahiana Izy na tsy nanome Izy, zavatra iray fanampiny nomen'Andriamanitra anao izany. Saingy mino aho fa izany dia—hanao anao hahatsapa ho tsara izany, satria nitahy anao Izy.

89 Izany fotsiny dia tahaka ny hoe raha miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ianao, nefa tsy misy mpandika ao amin'ny fiangonana, nahoana, tsy tokony hiteny ao amin'ny fiangonana ianao raha tsy misy olona handika ny fiteny tsy fantatra. Fa raha miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ianao, nefa tsy misy mpandika. . .Nahoana, ampiasao. . .ianao. . .Na aiza na aiza misy anao ao amin'ny vavaka, any an-tranonao na aiza na aiza misy anao, dia mitenena amin'izay fotoana izay, satria "Izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra dia mampandroso ny tenany." Manome fampiononana ho azy izany. Hitanareo? Mahatsapa tsara izy, satria mitsangana izy mivavaka ary ny zavatra voalohany fantatrao, tonga eo aminy na aminy ny Fanahy Masina ary nanomboka miteny amin'ny fiteny tsy fantatra izy ireo. Ary mifaly sy sambatra ny fanahin'izy ireo, satria izy ireo—niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra izy ireo. Hitanareo?

90 Nahoana, izany dia—izany dia—tsy famantarana iray mihitsy izany hoe hamaly an'ilay vavaka izay nivavahanao Andriamanitra, fa famantarana iray izany hoe nihaino anao ny Fanahy Masina. Izany dia ny—izany dia. . .Mahafantatra anao Izy; momba anao Izy. Izany ilay zavatra iray ihany izay hampihariko amin'ity. Ny Fanahy Masina no manome anao ny—ny fitahiana.

91 Teto fotoana vitsy lasa izay. Ny fotoana farany nitenenako tamin'ny fiteny tsy fantatra, raha afaka mahatsiaro aho, dia. . . Izaho dia. . .Teo amin'ny telo na efa-taona lasa izany. Tany Illinois aho, ary nanaraka ahy i Billy—handeha eo amin'ny—ilay laharam-bavaka tany Zion City. Ary nanana enta-mavesatra tao am-poko aho, ka nandohalika aho ary nanomboka nivavaka. Ary raha mbola nivavaka aho, izaho—nandre an'i Billy tonga aho ary nandondòna teo am-baravarana. Dia hoy aho hoe, "Billy izaho—

tsy afaka handeha aho ankehitriny." Dia nivoaka teo izy ary nipetraka.

92 Dia nivavaka aho, tena nanana enta-mavesatra ny foko; izaho—tsy afaka nandeha tany am-piangonana tahaka an'izany aho. Ary hitanareo, mazàna indraindray dia manome ahy fahitana iray Izy maneho amiko zavatra iray izay hitranga, nefa tsy Nataony ilay izy avy eo. Ary nivavaka tao amin'ny efitra tao fotsiny aho, ary nandre olona niresaka. Nijanona tsy nivavaka aho. Nihaino aho, ary nisy olona teo am-baravarana, izy ireo dia . . . Toy ny hoe teny vahiny iray, tahaka ny Alemana na Low Dutch, na zavatra; tena haingana ilay izy, nipentsopentsona. Nihaino indray aho, dia nieritreritra aho hoe, "Eny, nisy olona tonga teo niresaka tamin'ilay tompon'ny tranom-bahiny tamin'ny teny Alemana; angamba hamaly azy izy."

93 Ary nijanona tsy nivavaka fotsiny aho, niankina tamin'ny seza tahaka an'izao, nihaino, dia nanohy niresaka fotsiny izy. Nieritreritra aho hoe, "Eny, manontany aho hoe nahoana no tsy misy olona mamaly." Dia nihaino aho; nieritreritra aho hoe, "Eny ankehitriny, tsy hafahafa ve izany."

94 Nisy tohatra mavesatra iray teo amin'ny làlana, ary reko io lehilahy teo io nihorakoraka hoe, "Miaingà!" fantatrareo, ary, "Manohiza!" Nitodika aho, nijery tamin'ity làlana ity, ary izaho dia, notsapaiko ny vavako. Dia hitako, fa izaho ilay nanao ny firesahana. Izaho ilay izy. Dia nanohy nipetraka tsara mihitsy aho, tsy nahafantatra na inona na inona. Tsy nahafehy an'izay nolazaiko aho na inona na inona, tsy nahafantatra zavatra anankiray izay nolazaiko, na inona na inona. Izaho fotsiny . . . Nihetsiketsika ny vavako, niteny karazana fiteny iray aho. Nijanona nipetraka tsara mihitsy aho. Afaka kelikely dia nijanona ilay izy. Ary rehefa nijanona ilay izy, oh oadray, dia nahatsapa toy ny hoe afaka nikiakiaka aho, izaho fotsiny—tena faly fotsiny. Tsy fantatro hoe nahoana, fa niala tamiko ilay enta-mavesatra.

95 Noho izany dia nandeha nankany am-piangonana aho avy eo, niantso an'i Billy. Ary rehefa tonga tany am-piangonana aho . . . Atoa. Baxter tamin'izany no mpikarakara ny fivoriana. Ary izy dia ny—efa nihira, niandry. Tara antsasak'adiny mahery aho. Ary noteneniko taminy fa tara fotsiny aho.

Izy—hitany fa nitomany aho, ka hoy izy hoe, "Inona ny olana?"

96 Dia hoy aho hoe, "Tsy misy na inona na inona." Dia nanohy aho ary teo amin'ny folo minitra fotsiny, dia niditra avy tao ambadiky ny efitrano malalaka ny vehivavy iray, ary saika haka an'ilay toerana tany aoriana izy. Ary rehefa nohamarininay ilay vehivavy, mba hahitana, dia teny amin'ny làlany avy any Twin Cities izy (St. Paul sy Minneapolis, any ho any, iray amin'ireo tanàna ireo), ny . . . Tena nararin'ny TB izy tamin'ilay—tsy sahy

nitondra azy ilay fiara mpitondra marary, tao anatin'izany toerana izany ny avokavony, dity fotsiny. Ary noho izany dia naka fiara Chevrolet tranainy iray ny rahalahy vitsivitsy, ary nanala an'ilay seza aoriana, ka nanamboatra fatoriana iray ho azy tao anatiny tao tamin'ny fomba iray, na fandriana, ary nametraka azy teo ambonin'izany, dia nitondra azy nankany amin'ny fivoriana. Te-ho tonga izy.

97 Nilaozan'ny dokotera izy. Ary teny amin'ny làlana . . . Niteny taminy izy ireo fa ny fidònana kely indrindra, dia ho tratry ny fahaverezan-drà izy, ary izay no izy. Dia tratry ny fahaverezan-drà izy. Dia nentin'izy ireo nivoaka izy ary napetrany teo ambony ahitra mahitsy. Ary nitsangana teo ireo olo-masina nivavaka ho an'ilay vehivavy. Ary izy fotsiny dia . . . Isaky ny nisintona fofon'aina izy, dia migoroandroana fotsiny ilay izy; nifantsintsitra avy tao amin'ny vavany ny rà, tahaka an'izany.

98 Ary tampoka teo, dia sitrana teo no ho eo izy! Ary nitsambikina niala teo izy ka nanomboka nifaly, tonga tany ampiangonana. Ary tery aoriana tery izy no nijoro vavolombelona, tany amin'ny farany aoriana.

99 Hoy aho hoe, "Tamin'ny firy izany?" Ary rehefa nomeny ilay ora, hoe tamin'ny firy ilay izy, dia tamin'ilay tena ora izay nivoahan'ilay fitenenana tamiko mihitsy ilay izy. Eny, inona izany? Izany no Fanahy Masina nanao fanelanelanana ho an'io vehivavy io tany! Hitanareo ve izay tiako lazaina?

100 Ankehitriny, ny Baiboly no milaza an'izany. Indraindray isika dia mimonomonona teny; tsy fantatsika izay resahintsika. Nefa izany no Fanahy Masina ao anatiny ao mivoaka, manao fanelanelanana ho an'ireo zavatra izay tena tsy azontsika. Hitanareo?

101 Ary sitrana teo no ho eo ilay vehivavy. Nandre avy taminy izahay nandritry ny ela hatramin'io. Salama tanteraka izy, mety tsara mihitsy.

102 Ankehitriny, hitanareo fa fantatr'Andriamanitra hoe aiza no misy an'ireo zavatra ireo, ary manana fomba hanaovana an'izany Izy. Hitanareo? Manana ny Fombany manokana fanaovana an'izany Izy. Tsy maintsy manolotra ny tenantsika amin'izay Ataony fotsiny isika. Ary noho izany—noho izany ny zavatra sarotra atao rehefa tonga eo ianareo dia mihazona ny tenanareo amin'io lelan'antsy kely an'ny fanatisma io mankany amin'ny Fahamarinana iray.

103 Ankehitriny, raha tsy mitandrina ianareo, dia hanipy anareo avy hatrany ao anatin'ny andiana fanatisma iray ny devoly ary hahavery ny fahatsapanareo rehetra sy ny zavatra hafa rehetra ianareo. (Hitanareo?), rehefa manao an'izany ianareo. Fa raha afaka mifikitra fotsiny eo amin'ny Fahamarinana mafy ianareo, mandinika ny Baiboly, ary mijanòna amin'Izany, ka mijanona ho malemy fanahy sy manetry tena, dia hanohy hitondra

anareo mankany Kalvary fotsiny Andriamanitra, eo amin'ilay làlana tahaka an'izany fotsiny, raha hijanona amin'izany fotsiny ianareo.

104 Ary izany ilay zavatra tahaka ny anao, Ranabavy. Nomen'Andriamanitra fitahiana iray fotsiny ianao. Mety ho vavolombelona voafaritra iray izany hoe ianao dia handeha... Saingy tsy hiantehitra amin'izany fotsiny aho (hitanao?), hanao hoe, "Niteny tamiko ny Tompo!" Satria nilaza an'izany fahatsapana izany aho satria mety hamporisika anao hanohy hino izany. Na inona na inona nataon'Andriamanitra tany, nitondra an'ilay Fanahy teo aminao tahaka an'izany, izany dia ho an'ny tanjona iray. Mety ho zavatra hafa izany; fa raha ho an'ny vadinao izany, dia azo antoka fa hiditra mihitsy ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra izy. Mino an'izany aho.

**155. Rahalahy Branham, tsy ara-tSoratra ve fa tsy tokony hiteny ny vehivavy ao am-piangonana?**

105 Manana fanontaniana anankiroa izy eto. Marina izany. Izany—marina izany. Tsy mety ho an'ny vehivavy ny ho mpitoriteny sy—sy miteny ao am-piangonana. Marina izany, Korintiana Voalohany ny toko faha-14.

106 Mazava ho azy fa ny fiangonana rehetra eto, fantatrareo rehetra izany. Ary mety ho vahiny iray ato ity izao maraina izao; tsy fantatro. Saingy tsy mety ho—ho an'ny vehivavy ny—ny ho—ho mpitoriteny. Izany—marina izany.

Hamaky an'izany aminareo fotsiny aho eto, ary ianareo—afaka mahita ianareo. Ary avy eo ianareo dia—ho fantatrareo: Korintiana Voalohany ny toko faha-14 mino aho. Ho azoko izany ao anatin'ny iray minitra fotsiny, raha afaka mahita aho... Eny, ity ilay izy.

> *Aoka ny vehivavinareo* hangina *ao am-piangonana: fa tsy avela hiteny izy ireo; fa nodidina izy ireo ho eo ambanin'ny fankatoavana, araka ny lazain'ny lalàna koa.* (Ankehitriny, ny lalàna dia tsy namela vehivavy mpisorona sy ny sisa tamin'izany andro izany. Hitanareo?)
>
> *Ary raha te-hianatra zavatra izy ireo, aoka* izy ireo *hanontany ny vadiny any an-trano: fa* izany dia *henatra ho an*'ny *vehivavy ny miteny ao am-piangonana.*

107 Ankehitriny, raha hanamarika an'i Korinto ianareo eto... Maro amin'ireo Kristiana Korintiana ireo ary maro amin'ny... Ilay andriamanibavy malaza an'izao tontolo izao tamin'izany andro izany dia i Diana, izay andriamanibavy Romana. Ary andriamanibavy iray an'i Efesosy izy. Ary nivavahana nanerana an'izao tontolo izao izy. Ary ankehitriny, ireo mpitoriteniny... Mazava ho azy, satria vehivavy iray, koa izany no nanao an'ireo mpitoriteniny ho vehivavy. Ary rehefa niova fo nankao amin'ny Kristianisma izy ireo tamin'ny alàlan'i Paoly... Ankehitriny, tao

an-tranomaizina i Paoly rehefa nanoratra an'ireo taratasy ireo izy, mazava ho azy, tany Roma.

108 Ankehitriny, nanoratra taratasy ho azy izy ireo, hitanareo, rehefa nanomboka niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra izy ireo ary nahazo fanomezam-pahasoavana lehibe niasa teo anivon'izy ireo. Eny, nihevitra ireo vehivavy ireo fa tokony hanohy ny asam-panompoany izy ireo.

109 Ankehitriny, raha hanamarika ianareo, ianareo izay mamaky ny Baibolinareo, ny andininy faha-36 hoy izy.

> *Inona? ny tenin'Andriamanitra ve tonga… avy taminareo?* ary avy *taminareo ihany ve no nihavian'izany?*
>
> *Raha misy olona mihevitra ny tenany ho mpaminany iray, na ara-panahy, aoka ho fantany fa ireo zavatra izay soratako ho aminareo dia didin'ny Tompo.*
>
> *Fa raha…*izy *tsy mahalala, avelao* fotsiny *izy tsy hahalala.*

110 Ankehitriny, amin'ny teny hafa, ireo vehivavy… Ankehitriny, raha haka ny tantara amin'ny alàlan'ity taratasy ity ianareo (hitanareo?), an'ny fiangonana, ireo vehivavy ireo dia nihevitra fa izy ireo dia…nanohy niaraka tamin'ny asam-panompoany fotsiny tahaka azy ireo tamin'izany—an'ny mpisorona ho an'ilay andriamanibavy Diana. Andriamanitra dia tsy vehivavy; Andriamanitra dia Lehilahy. Ary Anankiray ihany marina tokoa no misy, ary Lehilahy iray izany. Ny vehivavy dia vokatra notsoahina avy amin'ny lehilahy. Tsy ny lehilahy no natao ho an'ny vehivavy, fa ny vehivavy no natao ho an'ny lehilahy. Hitanareo? Raha nanokatra fotsiny ny fahazoanareo ara-panahy ianareo, hitanareo. Hitanareo?

111 Ny olona—rehefa tonga teto an-tany voalohany ny olona, dia sady lahy izy no vavy, vehivavy sy lehilahy alohan'ny nahalasa azy ho ara-pananahana. Hitanareo? Ny fanahin'ny vavy, ilay fanahy ambany, izany dia ilay saro-kenatra. Ary avy eo izy dia lahy ihany koa, ny olona. Fa rehefa nanao Izy ka nametraka azy tao amin'ny samihafa…Mba hameno an'izao tontolo izao, dia Nalainy avy teo aminy ilay fanahy vavy ary nesoriny avy taminy ny taolan-tehezana iray teo amin'ny valahany ary nanao vavy iray.

112 Tsy tokony ho mpanapaka izy! Rehefa nanomboka an'izany voalohany izy, dia izy no nahatonga ny olombelona manontolo ho lavo. Hitanareo? Ny rehetra, ary ilay izy mihitsy aza dia… Izy no anton'ny fahalavoana. Ary avy eo dia nanarina azy Andriamanitra ka namerina ny fiainana ho amin'izao tontolo izao tamin'ny alàlan'i Kristy avy tamin'ny vehivavy. Saingy tsy nisy vehivavy na aiza na aiza hany navela mba—mba ho mpitoriteny iray ao am-piangonana.

113 Ao amin'ny Timoty Faharoa ny toko faha-3, hoy izy hoe, "Tsy avelako hampianatra ny vehivavy na hanapaka ny lehilahy, fa hangina." Hitanareo? Ary tsy mety amin'ny vehivavy ny mitory teny; marina izany.

114 Ankehitriny, fantatro fa efa nahita vehivavy sasany aho izay tena mpitory teny—afaka nitory koa izy ireo—tahaka an'i Aimee McPherson sy ny maro amin'ireo vehivavy any ireo. Fa apetraho eo amin'izy ireo vetivety fotsiny ny tànanareo. Hitanareo? Izany dia tsy . . . Mahafantatra olona izay afaka miteny amin'ny fiteny tsy fantatra aho izao maraina izao mipetraka ato amin'ity fiangonana ity mihitsy. Raha tsy misy mpandika, dia tsy ho sahy hanao an'izany izy ireo. Hitanareo?

115 Tsy maintsy mahatsiaro ianareo fa ny vehivavy dia teraka teo ambanin'ny laharana iray, ka izy ireo rehefa . . . Ny fahaterahanareo dia misy idirany betsaka amin'izany. Ny anaranareo izany, ny—ny momba anareo rehetra (hitanareo?) dia manana fifandraisana amin'izany, tsy mampaninona na inona ilay izy.

116 Afaka nivoaka eto aho ary manindry fanapihana eo amin'ny basy iray ka mamono lehilahy iray izao maraina izao, saingy tsy sahy hanao an'izany aho. Saingy azoko atao tsara mihitsy izany, azo antoka. Hitanareo, afaka mamono lehilahy iray aho mitovy amin'ny ahafahanareo mamono vontsira iray; saingy ianareo—tsy natao hanao an'izany ianareo. Hitanareo? Ary izany ilay zavatra iray ihany. Tsy maintsy mitandrina an'ireo zavatra ireo ianareo, ankehitriny hoe ianareo dia tsy . . . Didin'ny Tompo izany.

117 Rehefa nanoratra izy ireo ka nanao hoe, "Nahoana, ny Fanahy Masina no niteny taminay!" (Hitanareo?), hoy i Paoly hoe, "Inona? ny Tenin'Andriamanitra ve tonga avy taminareo? Ary avy taminareo ihany no nihavian'Izany? Raha misy aminareo rehetra—raha manana mpaminany ianareo eo, dia ho fantatr'izy ireo fa izay lazaiko dia didin'ny Tompo. (Hitanareo? Marina izany!) Fa raha misy olona maneho ny—ny—te-hanohitra izy, raha te-ho tsy mahalala izy, dia avelao fotsiny izy tsy hahalala. (Hitanareo?) Avelao hipetraka tsara fotsiny izy ary avelao izy hanohy. (Hitanareo?) Aza manao an'izay mifanohitra amin'izany." Fa tsarovy, tsy natao hiteny izy ao am-piangonana.

118 Ary noho izany, eo no ahafahanareo mitsara ny pasiteranareo na inona na inona ilay izy, na ara-panahy izy na tsia. Hitanareo? Hoy izy hoe, "Raha misy olona ara-panahy na mpaminany iray, dia hahafantatra izy fa izay lazaiko dia didin'ny Tompo." Hitanareo?

119 Izany no antony andidiako ny olona haverina hatao batisa indray amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Nanao an'izany i Paoly, ka hoy izy hoe, "Raha misy anjely iray avy any An-danitra tonga ka nampianatra zavatra hafa, dia aoka izy ho voaozona." Ary

efa nampianarina teto koa izany. Raha misy olona tonga . . . Raha misy anjely iray avy any An-danitra tonga ka nanao hoe, "Aoka ny vehivavy hitory teny sy ho mpitory teny, manendry azy ireo ho mpitoriteny!" dia hoy ny Baiboly hoe, "Aoka ho voaozona izy." Izany no didin'ny Tompo eto.

**156. Mety amin'ny lehilahy sy ny vehivavy Kristiana ve ny mifanoroka** (Oh!) **amin'ny fiarahabana?**

120 Tsia, tompoko! Tsia tokoa! Tsia, tompoko! Vehivavy anankiray no orohanao, rahalahy, ny vadinao izany (hitanao?), na ny—ny zanakao, na . . . Hitanao?

"Mety amin'ny . . . " Mamelà ahy hahita raha azoko tsara ity! "Mety amin'ny lehilahy sy vehivavy Kristiana ve ny mifanoroka amin'ny fiarahabana?"

121 Tsia, tompoko! Tsia tokoa! Izany . . . Aza manomboka an'izany mihitsy! Eny, tompoko! Tsia, tompoko! Mialà lavitra an'ireo vehivavy! Andosiro lavitra izy ireo! Marina tokoa!

122 Ankehitriny, anabavintsika izy ireo, fa aza . . . Ankehitriny, azon'izy ireo izany. Izany ao . . . Niditra tao amin'ny Pentekosta mihitsy aza io zavatra io, ary izany dia nantsoina hoe "fitiavana malalaka." Ary rehefa manao ianareo—manana zavatra tahaka an'izany, dia mijanòna lavitra an'izany. Marina izany!

123 Tsy ahoako na madio toy ny ahoana aza ianao . . . Rahalahiko ianao, ary izaho—mino aho fa ianao dia—ianao dia mety ho lehilahy tsara iray nohamasinina, masina. Tsy ahoako na masina toy ny ahoana ianao; mbola lehilahy iray foana ianao. Ary tsy ahoako na masina toy ny ahoana izy; mbola vehivavy iray foana izy. Mijanòna lavitra an'izany mandra-panambadianao. Ataovy fotsiny izany!

124 Tsarovy, ny vatana . . . Hiresaka voasarontsarona aho ankehitriny, mba ho azonareo olona azon-taona. Vondrona mifangaro ilay izy, saingy rahalahinareo aho, ary fanontaniana iray ity. Hitanareo?

125 Manana karazana glandy samihafa ny olombelona lahy sy vavy tsirairay. Ny vavy dia manana glandy vavy, glandim-pananahana. Ny lahy dia manana glandy lahy, glandim-pananahana. Ary mipetraka ao anatin'ny molotry ny olombelona ireo glandy ireo. Marina izany.

126 Ary ity misy zavatra iray hafa tokony holazaina eto, mifanoroka eo amin'ny vava ny lehilahy. Maloto izany! Fahalotoana izany! Ary inona no ataon'izany? Izany no manomboka ny mpivady mitovy fananahana. Mijanòna lavitra an'izany! Hoy ianareo . . .

127 Nanontany ahy ny zalahy iray vao tsy ela akory izay, nanao hoe, "Rahalahy Branham, nahoana, nifampiarahaba tamin'ny oroka masina izy ireo." Nanoroka taorian'ny hatoka izy ireo, niantoraka tamin'ny hatony, ary nanoroka azy ireo taorian'ny

hatoka. Talohan'ny nahatongavan'ny fandraisan-tànana izany. Fiarahabana iray izany. Tahaka an'izany ilay izy. Tsy nifandray tànana izy ireo; nifametraka ny sandriny manodidina izy ireo ary nifanoroka taorian'ny hatoka, tsy teo amin'ny molotra, teo amin'ny tarehy. Izany no manomboka famadihana iray. Mijanòna lavitra an'izany! Aza manao an'izany mihitsy!

128 Amin'izao andro izao, dia mifandray tànana isika. Raha tianareo ny. . . Mametraka ny sandrinareo manodidina ny rahalahinareo ianareo, ary manoroka azy eo amin'ny hatoka, na izy no manoroka anareo eo amin'ny hatoka, dia mety tsara izany. Fa aza manoroka an'io vehivavy io, ary aza mamela an'io vehivavy io hanoroka anareo. Hitanareo? Marina izany! Raiso amin'ny tànana izy, manaova hoe, "Andraso iray minitra, Ranabavy, iray minitra fotsiny eto (hitanareo?); ndao hahitsintsika izany!" Ary noho izany, ataovy izany ankehitriny.

129 Ankehitriny dia inona no noteneniko taminareo vao teo rehefa nanomboka voalohany aho? Rehefa hitanareo ny—fiara iray tonga eny amin'ny làlana sivifolo maily isan'ora, dia mialà amin'ny làlany. Marina izany! Rehefa hitanareo ilay fiviliviliana voalohany amin'ny zavatra tahaka an'izany, dia mialà lavitra an'izany; mijanòna lavitra an'izany! Ary izao fotsiny. . . Izany no tany tsy tokony hisy anareo. Hanolotra zavatra ho anareo i Satana izay hanimba ny fanahinareo ary handefa anareo any amin'ny helo. Mijanòna lavitra an'izany! Andosiro ilay tena endriky ny ratsy. Marina izany!

130 Aoka ho lehilahy, aoka ho vehivavy, tahaka ny. . . Hanandratra an'ireo vehivavy iray minitra aho. Tsy mahazatra izany sa tsy izany? Izy ireo—hoy izy ireo hoe, "Oh, ny vehivavy no nahatonga an'izany! Oh, fahadisoan'ny vehivavy izany. Raha tsy niala tamin'ny toerany izy, eny, dia tsy ho niala tamin'ny azy ny lehilahy." Marina izany. Izany—hilaza isika hoe marina izany. Miala amin'ny toerany izy. Tsy afaka ny ho ratsy ny lehilahy iray raha tsy misy vehivavy ratsy; saingy tsarovy fa tsy mety hisy vehivavy ratsy iray raha tsy nisy lehilahy ratsy iray. Marina izany!

131 Ary ianareo izay mihambo ho zanak'Andriamanitra, aiza ny fitsipikareo? Raha tsy eo amin'ny toerany ny vehivavy, dia tsy zanak'Andriamanitra iray ve ianareo? Tsy ianareo ve ilay anankiray izay vazy avo kokoa, matanjaka kokoa? Araka ny lazain'ny Baiboly dia malemy kokoa izy, noho izany raha malemy kokoa izy, amin'izay fotoana izay dia asehoy fa lehilahin'Andriamanitra ny tenanareo. Teneno aminy, manaova hoe, "Ranabavy, diso ianao." Marina izany! Nataoko ilay izy, ary nanao an'izany koa ireo Kristiana hafa. Ary hanao an'izany foana ianareo raha mbola Kristiana iray foana, saingy asehoy ny tenanareo. Zanak'Andriamanitra iray ianareo. Ianareo dia—manana fahefana bebe kokoa amin'ny tenanareo ianareo noho ny ananan'ny vehivavy. Raha malemy kokoa izy, dia ekeo fa malemy

kokoa izy. Aoka hahazo an'ireo fahadisoany, sy ny sisa tahaka an'izany, na miezaha hanitsy azy. Manaova hoe, "Ranabavy, Kristiana isika, tsy tokony hanao an'izany isika." Hitanareo? Aoka ho tena lehilahy iray, aoka ho zanak'Andriamanitra iray, ary tandremo ny vehivavy.

132 Ary teo no nanomboka ilay fahalavoana lehibe tany ampiandohana. Satana niaraka tamin'i Eva izany. Izany no nahatonga ny fahalavoan'ny taranak'olombelona rehetra dia tamin'ny alàlan'izany.

133 Ary raha zanak'Andriamanitra iray ianareo, dia aoka hahery; aoka ho tena lehilahy iray. Raha tsy tahaka an'izany ianareo, dia mijanòna eo amin'ny alitara mandra-pahalasanareo ho izany. Ary andosiro ilay tena endriky ny ratsy. Ary aza manomboka miarahaba ankehitriny . . .

134 Niteny tamiko ny olona iray fotoana vitsy lasa izay mikasika ny nahitan'izy ireo an'izany indroa na intelo tao amin'ny fiangonako eto, ny . . . Tsy ato amin'ny fiangonana eto, fa ireo olona izay tonga eto amin'ny fiangonana. Ary raha mipetraka eto ianareo izao maraina izao, dia te-handentika an'ity aminareo tsara mihitsy aho. Hitanareo?

135 Vehivavy, vehivavy tanora, tonga ary nanoroka an'ireto vehivavy ireto ireo lehilahy ireo. Aza manao izany! Aza . . . Mialà lavitra avy eo. Tsarovy izany! Raha tanora izy, mpitovo, na inona na inona izy; ho vadin'olona iray izy indray andro any. Ary tsy manan-draharaha hanao an'izany ianareo. Mijanòna lavitra azy. Raha te-hiarahaba azy ianareo, amin'izay fotoana izay dia aoka ho zanak'Andriamanitra iray, raiso ny tànany ary manaova hoe, "Manao ahoana ianao, Ranabavy." Ary aoka hilamina hatreo mihitsy izany. Hitanareo?

136 Mijanòna lavitra an'ireo zavatra ireo; loto izany. Ary tsy ho ela dia hampiditra anareo ao anatin'ny olana izany. Ianareo fotsiny . . . Oh, izany fotsiny . . . Tena mora ny fahotana, sy tena mampilendalenda, ary tena mahafinaritra. Tena mora ny milatsaka ao anatin'izany. Ny zavatra tsara indrindra atao dia, ilay tena endriny mihitsy aza, mijanòna lavitra an'izany! Mihemora! Aoka ho tena Kristiana!

137 Ary ho an'ny lehilahy mifanoroka, raha manoroka ny rahalahinareo eo amin'ny hatoka ianareo, ka te-hanao an'izany, dia mety tsara izany. Aza manoroka lehilahy eo amin'ny molotra, sy eo amin'ny vava, na zavatra tahaka an'izany, satria izany dia—tsy tsara izany. Hitanareo? Tsia, izany—izany no maneho fa misy zavatra kely tsy mety eo am-panombohana. Hitanareo? Noho izany dia mijanòna lavitra avy eo fotsiny, andosiro izany. Aza—aza manomboka an'izany ato amin'ity tabernakla eto ity. Tsia, tsy hanohana an'izany mihitsy tokoa izahay. Hitanareo?

138 Ianareo—raha te-hahita ny rahalahinareo ianareo, raha te-hanoroka azy eo amin'ny hatony ianareo, eny, mandrosoa dia

ataovy izany, fa aza manoroka olona amin'ny vava, satria tsy hety izany; tsy tsara izany! Ary manomboka famadihana iray fotsiny izany. Manomboka ny mpivady mitovy fananahana sy ny sisa izany.

139 Ary zavatra roa ihany no hanomboka ao amin'ireo zavatra tahaka an'izany. . . Raha manomboka ianareo, avelao ireo lehilahy . . . Efa nahita aho, oh, imbetsaka teo anivon'ny olona, ho lavo izy ireo. Efa hitako ireo fiangonana, ary niditra ilay mpitory teny, naninji-tànana ka nandramby ny anabavy tsirairay, ary namihina sy nanoroka azy ary nampipetraka azy. "Manao ahoana ianao, Ranabavy, Haleloia!" Maninji-tànana ka maka an'ity anankiray ity ary manoroka azy. Mandeha mitety an'ilay fiangonana tahaka an'izany mihitsy. Ratsy izany amiko!

140 Rehefa tany Finlande aho, tany izahay rehetra . . . Mety ho fantatrareo izany, nanao fivoriana izahay, ary tao amin'ny Y.M.C.A aho. Tsy nisy savony tao, tsy nisy vovon-tsavony tany Finlande. Ary fotsiny . . . Nanana savony fiharatana iray aho, ary tsy maintsy nitsangana ny tsirairay avy taminay ka naka fandroana kely, fantatrareo, niaraka tamin'io savony fiharatana io. Singany iray ihany no nanananay, ary tsy nanana savony izahay tany Finlande. Ary nanasa tamin'ny karazana mifangaro iray fotsiny izy ireo, ary saiky hanendaka ny hoditra hiala aminareo izany.

141 Noho izany izahay . . . Niteny taminay izy ireo fa hitondra anay hanao sauna Finlandais. Ary nandeha izahay nankany amin'ny Y.M.C.A. Ary nandeha tany izahay mba haka sauna iray. Izany dia ilay Finlandais, fandroana Finlandais malaza. Ary efa nanana azy ireo aho taloha, ary tsara izy ireo. Fa nieritreritra aho hoe "Eny, izahay dia handeha . . . any amin'ny Y.M.C.A., noho izany dia ho tsara izany."

142 Fa rehefa nanomboka aho tany, dia hoy ny Fanahy Masina tamiko hoe, "Aza manao an'izany ianao." Oh, tena tsara ny manana ny Fanahy Masina. "Aza manao an'izany ianao."

Eny, tamin'izay fotoana izay mihitsy aho, hoy aho hoe, "Tsy mino aho fa mila fandroana iray aho izao maraina izao."

Hoy Dokotera Manninen sy izy ireo hoe, "Oh, Rahalahy Branham," hoy izy ireo, "oadray, misy efitra misy fitaratra goavana ao, ary," hoy izy ireo, "tsara tarehy ilay izy." Hoy izy, "Izany tsy . . . "

Matetika, rehefa manao izy ireo, dia manipy an'io rano io eo amin'ireo vato mahamay ireo ka manao anareo hivoaka entona, ary mikapoka anareo amin'ny ravina hazofotsy tahaka an'izany, ary avy eo—ary avy eo dia mihazakazaka avy hatrany ianareo ka mitsoraka ao anaty rano mangatsiaka. Mandeha avy hatrany ao anaty oram-panala sy ranomandry ireo Finlandais ireo, sy ireo zavatra tahaka an'izany. Saingy, mazava ho azy, efa zatra an'izany izy ireo; lehilahy lehibe, goavana, matanjaka.

Ary avy eo dia niverina izy ireo ary—ary miditra ao anatin'io fandroana mahamay io indray, ireo mahamay mankany amin'ny mangatsiaka, haingana mihitsy tahaka an'izany. Fa navelan'izy ireo hitsangana teo amin'izay nisy an'ilay rivotra mangatsiaka aho, ary avy eo dia niverina, satria tsy vitako. Natahotra aho sao hampijanona ny fonareo izany, ny manao an'izany, sady tsy zatra an'izany aho.

Noho izany aho—tena tiako tsara izy ireo, saingy nisy Zavatra niteny tamiko mba tsy haka an'io anankiray tany io. Eny, ny rahalahiko Howard, sy Rahalahy Baxter, ary izy rehetra dia nandeha tany, ary ireo rahalahy, ny sisa rehetra tamin'izy ireo, fantatrareo, ny rehetra niresaka, fantatrareo, nandeha. Noho izany dia somary saro-tahotra kely aho, fantatrareo, satria ny Fanahy Masina no nilaza hoe, "Aza manao an'izany."

Noho izany izahay dia nandeha nankany amin'ny Y.M.C.A., ary tonga izy ireo, niarahaba ahy ireo lehilahy rehetra tao. Ary, oh, izy ireo dia nanana an'ireo—ireo lohateny tao amin'ilay gazety, pejy voalohany sy faharoa, isan'andro, ireo fivoriana. Ary nanerana izy ireo.

Niditra tao amin'ny efitra kely iray aho dia nipetraka, ary niditra tao amin'ilay efitra izy rehetra mba hanala akanjo. Ary raha mbola tao izy ireo na-. . .mba hanala akanjo, indro tonga ny zazavavy iray toa maha-te-ho tia, kely, Finlandaise, mena volo; ary vahoaka mahafinaritra izy ireo, vahoaka madio, tsara fitondran-tena araka izay maha-izy azy izy ireo. Indro izy tonga, ireo lamba famaohana teo ambonin'ny sorony, nanomboka nandeha tao amin'ilay efitra. Hoy aho hoe, "Hey, hey, hey! Mijanòna! Psss!" Niezaka aho nampijanona azy. Nijery manodidina izy ary nihomehy, nanohy niditra tao, ary nanome ho an'ny tsirairay avy tamin'izy ireo (nefa ireo lehilahy ireo, tsy nanao akanjo) lamba famaohana iray. Tonga ny vehivavy tsirairay ka naka lehilahy iray, nitondra azy ireo tao ambadika tao, nikosoka azy ireo tahaka an'izany. Hitako ny tian'ny Fanahy Masina nolazaina.

Koa noho izany rehefa niverina aho, dia hoy aho hoe, "Dr. Manninen," hoy aho, "ahoana no mahatonga an'izany? Ianareo izay Kristiana, nefa miditra, maka an'ireo sauna ireo miaraka amin'izy ireo . . . "

"Oh," hoy izy, "vehivavy mpikosoka ireo, Rahalahy Branham."

Hoy aho hoe, "Tsy ahoako izay maha-izy azy ireo. Ratsy izany. Tsy tsara izany." Hoy aho hoe, "Ary ny natiora izy tenany no mampianatra anareo."

Hoy izy hoe, "Nahoana, Rahalahy Branham, notezaina hatramin'ny naha-ankizy azy izy ireo, mba hikosoka. Tahaka an'ireo mpampivelonareo any Amerika mihitsy, ny zavatra tahaka an'izany, notezaina tahaka an'izany izy ireo."

Hoy aho hoe, "Tsy ahoako izay maha-izy azy ireo, mbola ratsy foana izany. Tanteraka tokoa. Lahy sy vavy izany, ary tokony hisaraka izy ireo, ary tsy hifampitafy." Amena.

Tsy te-hanomboka eo amin'izany aho, hitory an'izany aho afaka kelikely, sa tsy izany? Eny àry.

**156b. Azavao azafady ny Finoana apostolika.**

Fanontaniana iray izany. Misy fanontaniana iray, roa, ary telo. *Finoana apostolika* dia midika hoe "ny Finoan'ireo apostoly." Izany no dikan'ny finoana apostolika, hoe mijanona amin'ny Baiboly ianareo. Ankehitriny inona no antsoina hoe finoana apostolika amin'izao andro izao, maro amin'izy ireo no tsy mijanona amin'ny Baiboly. Fa ny apostolika dia midika hoe ny—ny Finoana apostolika, ny Finoana apostolika an'ny Baiboly. Eny àry.

**156c. . . . ary ilay vondrona izay miantso ny tenany ho mpanara-pototra, voavonjy ve ireo vondrona roa ireo?**

Ankehitriny, tsy fantatro. Hitanareo, tsy ho fantatro hoe ahoana no hamaliana an'izany. Ankehitriny, "Voavonjy ve ireo vondrona ireo?" Tsy fantatro.

**Azavao ny fahasamihafana eo amin'ny fanahy sy ny . . .**

Eny, fanontaniana hafa iray izany ankehitriny.

Ankehitriny, "Voavonjy ve ireo vondrona roa ireo?" Mamelà ahy hanao an'izany hazava kely kokoa aminareo, ka hanao hoe, "Tsy fantatro. Tsy ho fantatro."

Tsarovy ankehitriny, ity no eritreritro, mety ho diso ilay izy. Ny eritreritro dia, hoe, raha Katolika Romana iray, na mety ho iza izy, Metodista, Presbyterana, fiangonan'i Kristy, Loterana, na aiza no misy azy, raha mino an'i Jesosy Kristy Tompo izy ary matoky Azy am-panajana ho an'ny famonjena azy, dia mino aho fa voavonjy izy.

Fa, hitanareo, ny fiangonana Katolika Romana dia tsy manao an'izany. Izy ireo dia mino fa ny fiangonana no mamonjy azy ireo. Hitanareo? Ny—ny famonjen'izy ireo dia ao amin'ny fiangonana. Tahaka an'ity pretra ity izay nesorina teo amin'ny fandefasampeo, teto fotoana vitsy lasa izay, nohon'ny filazana hoe, "Tsy misy famonjena hafa, fa ao amin'ny fiangonana ihany, hitanareo, ny fiangonana Romana." Ankehitriny, diso izany. Ny famonjena dia amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy. Marina izany. Tsy amin'ny alàlan'ny fiangonana; fa amin'ny alàlan'i Kristy.

Ankehitriny raha apostolika izy, na, hia, ireo apostolika sy mpanara-pototra ankehitriny dia miantso ny tenany . . .

Ankehitriny tahaka ny mpanara-pototra iray nanatona ahy, fotoana vitsy lasa izay, ary hoy izy tamiko, nanao hoe, "Somary miròna amin'ny Kalvinista ianao, sa tsy izany?"

Hoy aho, "Eny, raha mbola ao amin'ny Baiboly foana i Calvin, dia miaraka aminy aho." Hoy aho hoe, "Mandeha miaraka amin'ny Baiboly fotsiny aho, ary raha mijanona ao amin'ny Baiboly i Calvin. Fa miala ao amin'ny Baiboly izy, noho izany dia hanohy fotsiny aho, mino ny Baiboly."

Hoy izy hoe, "Eny," hoy izy, "te-hilaza zavatra aminao aho. Niteny ianao, reko ianao nilaza fa raha voavonjy indray mandeha ny olona iray, dia tsy afaka ho very mihitsy izy."

Hoy aho, "Izany marina tokoa no lazain'ny Soratra. 'Manana Fiainana Mandrakizay izy, ka tsy ho tonga ao amin'ny fanamelohana mihitsy na ny fitsarana, fa efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana.'" Hoy aho hoe, "Tsy izaho no nilaza an'izany. Izany no nolazain'i Jesosy Kristy."

Hoy izy hoe, "Te-hanontany zavatra aminao àry aho." Hoy izy, "Mino ve ianao fa voavonjy i Saoly?"

Hoy aho hoe, "Ilay Saoly, ilay—ilay Saoly mpanjaka ve?"

Hoy izy hoe, "Eny."

143 "Nahoana," hoy aho, "azo antoka!"

Hoy izy hoe, "Tsarovy ankehitriny, mpaminany iray izy."

144 Hoy aho, "Marina, ny Baiboly dia nilaza fa naminany niaraka tamin'ireo mpaminany izy." Nanana fanomezam-pahasoavan'ny faminaniana izy. Tsy mpaminany iray izy, fa nanana fanomezam-pahasoavan'ny faminaniana, satria teo izy niaraka tamin'ireo mpaminany rehefa naminany izy ireo. Saingy fantatsika fa i Samoela no mpaminany tamin'izany andro izany, noho izany, fa i Saoly dia naminany niaraka tamin'ireo mpaminany.

Hoy izy hoe, "Noho izany raha mpaminany iray izy, amin'izay fotoana izay dia voavonjy ve izy?"

Hoy aho, "Tanteraka tokoa!"

Hoy izy hoe, "Noho izany dia te-hanontany zavatra aminao aho." Hoy izy, "Te-hanontany zavatra aminao aho." Hoy izy, "Ary arak'izany dia milaza ianao fa voavonjy i Saoly, nefa izy—ny Baiboly no nilaza fa niala taminy ny Tompo ka tonga fahavalon'Andriamanitra izy, ary namono tena izy, nefa avy eo ve dia milaza fa voavonjy izy?"

145 Hoy aho hoe, "Fa mpanara-pototra iray ve ianao?" Hoy aho hoe, "Rahalahy, tsy mamaky an'ilay izy tsara fotsiny ianao; izay ihany. Tsy mamaky an'izay nolazain'ny Soratra ianao."

Hoy izy hoe, "Eny, tsy afaka ny ho voavonjy i Saoly raha tonga fahavalon'Andriamanitra izy."

Hoy aho hoe, "Voavonjy i Saoly."

"Oh," hoy Izy . . .

146 Hoy aho hoe, "Mpaminany iray izy, tsy maintsy voavonjy izy. Hitanao? Namonjy azy Andriamanitra, ary Andriamanitra dia tsy Indiana mpanome iray, araka ny iantsoantsika azy. Izy tsy . . . Eny, raha nanome anao ny Fanahy Masina Andriamanitra mahafantatra fa hanary anao eto mihitsy Izy, nahoana, ho zavatra adaladala iray toy ny inona Aminy ny hanome anao ny Fanahy Masina tamin'ny voalohany."

147 Afaka maka tahaka ny Fanahy Masina ianareo ary mihetsika toy ny hoe manana ny Fanahy Masina, fa raha manana ny Fanahy Masina ianareo, dia fantatr'Andriamanitra ny fiandohanareo hatrany amin'ny farany. Marina izany! Izany no fomba tsy voafehy iray hitantanana raharaha. Andriamanitra tsy mitantana ny Azy tahaka . . . Izy—tsy manam-petra Izy, Fantany ny farany hatrany amin'ny voalohany ary fantany ny zavatra rehetra izay hany hisy eto. Ny lalitra tsirairay, na ny lalimanga tsirairay izay hany hisy eto ambonin'ny tany, dia efa Fantany ny rehetra mikasika an'izany talohan'ny hany nanombohan'izao tontolo izao. Noho izany hitanareo, ho an'ny inona no Hitantanany ny Raharahany tahaka an'izany. Tsy manao an'izany Izy.

148 Raha manana indray mandeha ianareo, raha tena manana ny Fanahy Masina marina tokoa ianareo, dia voavonjy mandrakizay. Afaka manaporofo an'izany amin'ny alàlan'ny Soratra aho, ary efa nanana matetika isika. Fa mba hitsitsiana ny fotoana hamaliana an'ireto fanontaniana ireto, dia mety hilaza an'ity aho (hitanareo?), fa ity lehilahy ity dia nanao hoe, "Eny, inona àry no holazainao mikasika an'i Saoly?"

149 Hoy aho hoe, "Azo antoka fa voavonjy i Saoly." Hoy aho hoe, "Tsarovy, niverin-dàlana i Saoly; hanaiky an'izany aho. Niverin-dàlana izy ka lasa nanalavitra an'Andriamanitra, satria mpitia vola izy. Tia vola izy." Nitondra an'ireo fanatitra rehetra ireo sy ny sisa izy, rehefa niteny taminy tamin'ny alàlan'ny Tenin'Andriamanitra i Samoela mba handrava ny zavatra rehetra. Fa namonjy an'ilay mpanjaka mihitsy aza izy, ary nanangona entana betsaka, ary nitondra an'izany satria . . . Hitanareo? Raha tokony hanaraka ny Tenin'Andriamanitra arak'izay Lazainy marina tokoa, dia mametraka ny hevitrareo manokana ao anatin'izany ianareo; eo ianareo no miverin-dàlana.

150 Izany no heveriko mikasika an'ireo anaram-piangonana sy ny sisa, miverin-dàlana izy ireo, satria tsy manaraka ny Teny. Ary raha asehonareo azy ireo ny Teny, dia manodina ny lamosiny amin'Izany izy ireo, manao hoe, "Oh, ny fiangonanay dia mampianatra an'*ity*." Tsy marina izany, ilay izy dia izay nolazain'Andriamanitra!

151 Ary nirahina i Samoela handeha hidina tany—na i Saoly—ary handrava tanteraka ny zavatra rehetra, "Ny zavatra rehetra,

ravao izy rehetra." Raha tokony nanao an'izany, dia nitahiry ny sasany ho an'ny fanatitra izy, ary namonjy ny ain'ilay mpanjaka izy, sy nanao ny zavatra rehetra. Dia nanatona azy i Samoela ka niteny taminy fa efa niala taminy ny Fanahin'Andriamanitra sy—sy ny rehetra tahaka an'izany.

152 Ary maty Samoela. Ary teo amin'ny roa taona taty aoriana, eny noho izany, i Saoly dia nanana . . . Niala taminy ny Fanahin'Andriamanitra, saingy tsy very izy. Azo antoka fa tsy very izy, niala taminy ilay hosotra. Diniho ankehitriny, ka jereo raha izany ilay izy ankehitriny.

153 Lasa tena lavitra an'Andriamanitra i Saoly hany ka rehefa nandeha tany amin'ny ady izy . . . Nanomboka nandeha nankany amin'ny ady izy. Ary nanahy mikasika ny handehanana any amin'ny ady izy, ary izy—nangataka nofy tamin'ny Tompo izy. Tsy te-hanome nofy azy ny Tompo. Tsy nisy mpaminany tao amin'ny firenena tamin'izany andro izany, tsy nisy mpaminany. Samoela dia mpaminany iray. Nanana mpanao faminaniana izy ireo, saingy sy ny sisa, saingy izy ireo—tsy afaka nahazo valiny avy tamin'Andriamanitra mihitsy izy. Nandeha nankany amin'ny Orima Tomima mihitsy aza izy ary nanontany tany. Ary ny fitselatr'ireo tselatra teo amin'ny Orima Tomima dia tsy te-hamaly azy akory aza. Ary inona no nataony? Nandady tao anaty zohy iray izy izay nisy mpamosavivavy iray, mpanao hatsarana iray. Ary io mpamosavivavy io . . . Nanova ny tenany hitovy amin'ny miaramila mpandeha an-tongotra iray izy ka nandeha tany, ary hoy izy hoe, "Hiantso ny fanahin'i Samoela mpaminany ho ahy ve ianao?"

Dia hoy izy—hoy izy hoe, "Eny ankehitriny, fantatrao izay nolazain'i Saoly." (Niresaka tamin'i Saoly izy, nefa tsy fantany izany.) Hoy izy, "Nilaza i Saoly fa izay rehetra miantso an'ireo olona maty, dia tsy maintsy vonoina izy."

Hoy izy hoe, "Hiaro anao amin'i Saoly aho, fa antsoy ho ahy ny fanahin'i Samoela."

Noho izany dia niditra tao amin'ny sikidiny ilay mpamosavivavy, ary ny zavatra voalohany fantatrareo, rehefa nahita an'i Samoela niakatra izy, ny fanahiny tonga, lasa nivaingana teo anoloan'izy ireo, dia hoy izy hoe, "Mahita an'ireo andriamanitra miakatra avy amin'ny tany aho."

154 Iray amin'ireo fampiononana izany. Jereo i Samoela antitra mitsangana eo. Efa roa taona no nahafatesany, nefa nitsangana teo izy. Tsy hoe fotsiny . . . Nitsangana teo nanao ny akanjon'ny mpaminaniny izy. Tsy hoe mbola velona foana fotsiny ihany izy, fa mbola mpaminany iray foana izy. Haleloia!

Hoy izy hoe, "Namitaka ahy ianao." Tamin'ilay mpa- . . .

Ary hoy Saoly hoe, "Samoela, tsy fantatro izay hatao; handeha hiady aho rahampitso, nefa efa niala tamiko ny Fanahy." Hoy izy hoe, "Tsy afaka mahazo nofy avy amin'ny

Tompo akory aza aho. Ary tsy hiresaka amiko ny Orima Tomima. Ao anatin'ny toerana mahatsiravina aho."

155 Hoy izy hoe, "Satria tonga fahavalon'Andriamanitra ianao," hoy izy, "nahoana ianao no niantso ahy hiala tamin'ny fitsaharako?" Hitanareo? Samoela no nilaza an'izany. Hoy izy, "Nahoana ianao no niantso ahy niala tamin'ny fitsaharako, nefa tonga fahavalon'Andriamanitra ianao?" Ary avy eo dia nanohy izy ka niteny taminy. Hoy izy . . . Fa kanefa, efa niteny taminy ny Tenin'ny Tompo izy. Ary rehefa niteny izy . . . Tsarovy ankehitriny, efa roa taona no nahafatesany. Hitanareo? Fa hoy izy hoe, "Hoteneniko aminao ny Teny." Niteny taminy ny Tenin'ny Tompo izy. Hoy izy, "Rahampitso dia ho lavo ao amin'ny ady ianao, ary Jonatana zanakao dia ho lavo miaraka aminao. Ary," hoy izy hoe, "amin'ny ora toy izao rahampitso hariva dia hiaraka amiko ianao." Raha very izy, dia tahaka an'izany koa i Samoela mpaminany. Izany no fanarahampototra; hitanareo hoe inona ilay mody-antsoina. Hitanareo, hitanareo? Hoy izy hoe, "Hiaraka amiko ianao rahampitso hariva amin'ny ora toy izao." Hitanareo? Noho izany raha very i Saoly, dia toy izany koa i Samoela, satria tao amin'ny toerana iray ihany izy roa.

156 Tsia, tsia! Mpanara-pototra, ianareo . . . Mody-antsoina hoe mpanara-pototra, tahaka ny mody-antsoina hoe Fiangonan'i Kristy, ary mody-antsoina hoe Kristiana, mody-antsoina hoe Kristianisma. Amin'izao andro izao satria Amerikana iray ianareo dia tokony ho Kristiana iray, satria ianareo dia—Amerikana iray ianareo. Hitanareo? Izany—izany no mody-antsoina hoe Kristianisma. Fa ny tena Kristiana iray dia lehilahy iray nateraka indray avy tamin'ny Fanahy ary vehivavy nateraka indray avy tamin'ny Fanahy. Izany marina tokoa no . . . Ireo hafa ireo dia maka tahaka, fa ny tena Kristiana dia antsoin'Andriamanitra.

**157. Azavao azafady ny fahasamihafana eo amin'ny fanahy sy ny aina.**

157 Eny ankehitriny, anankiray sarotra ity. Fa ny zavatra voalohany ianareo dia, olona telo iray, mitovy fotsiny amin'ny hoe Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina. Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina dia titra telo mikasika Olona anankiray, dia Jesosy Kristy. Ary ianareo dia aina, vatana, ary fanahy. Saingy mila an'ireo telo ireo mba hanaovana anareo. Miaraka amin'ny iray amin'izy ireo fotsiny, dia tsy ianareo ianareo. Mila an'ireo telo mba hanaovana anareo.

158 Tahaka ny nolazaiko indray andro hoe, "Ity ny tànako; ity ny rantsan-tànako; ity ny oroko; ity ny masoko; fa iza *aho*?" Iza aho izay an'ity? Ilay izy dia izay ao anatiko; izany ilay—ilay fahaizana.

Raha ity maso ity, raha ity tànana ity, raha ity vatana ity no nitsangana teto fotsiny tahaka azy androany, kanefa aho—afaka aho. . . Mety ho eto ny vatako, saingy mety ho lasa *aho*, ny maha-izy ahy. Izay—na iza na iza aho ato anatiko dia efa lasa. Izany dia—izany dia ilay ampahany—ampahany izay ny fanahy. Ny aina no natioran'io fanahy io, ka rehefa tonga eo aminareo ny Fanahy Masina, dia tsy manao na inona na inona Izany. . . Ianareo. . . Izany dia manova na mamadika ny fanahinareo ho aina iray hafa. Ary io aina io dia natiora hafa iray izay eo amin'io fanahy io. Noho izany ny aina no natioran'ny fanahinareo.

159 Fa ratsy fanahy ianareo tamin'ny voalohany, sy ratsy, sy fankahalana, sy lolompo, ary fifandirana; ankehitriny dia be fitiavana ianareo, mora fanahy, tsara fanahy, ary—ary. . . Hitanareo ve ilay fahasamihafana? Ny natioranareo izany. Hiantso isika, izany no iantsoiko azy. Ny ainareo no novaina. Maty ilay ainareo fahiny, ka ilay aina vaovao izay natiora vaovao no teraka tao anatinareo. Hitanareo?

160 Tsy ny ati-dohanareo no fahaizanareo; ny fanahinareo izay ao anatinareo no fahaizanareo. Hitanareo? Ny ati-dohanareo dia andian-javatra sy sela sy ny sisa; tsy manana fahaizana ao amin'ny tenany izy. Raha nanana izy, amin'izay fotoana izay raha mbola mipetraka foana izany, na maty ianareo na velona, dia mbola hiasa foana izany. Hitanareo? Fa ilay izy tsy—tsy ny ati-dohanareo ilay izy; ilay izy dia ny fanahinareo ao anatinareo. Ary ny ainareo dia ilay natioran'io fanahy io. Izany dia ilay ain'ny fanahy izay mifehy—ilay fanahy izay mifehy ny vatana. Hitanareo? Eo ianareo izao.

Ankehitriny, tsy maintsy mandeha haingana aho, satria efa tara kely fotsiny isika. Ankehitriny, mieritreritra aho fa—manantena aho fa izany no mikarakara an'izany.

**158. Rahalahy Branham, azavao azafady—ataovy mazava azafady raha tokony hijoro vavolombelona na miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ny vehivavy ao amin'ny fiangonana.**

161 Eny, mino aho fa raha ilay vehivavy dia—dia mpitory teny iray ao amin'ny fiangonana, tsy tokony ho mpitory teny iray izy. Fa raha manana fanomezam-pahasoavana an'ny fiteny tsy fantatra izy ka miteny ao amin'ny fiangonana, izay misy—misy mpaminany sy—sy iangonan'ireo fanomezam-pahasoavana miaraka, dia mino aho fa manana zò hanao an'izany izy. Satria mahita isika ao amin'ny Baiboly fa nanana mpaminanivavy izy ireo tahaka an'i Miriama sy izy ireo, ary izy ireo dia tsy—tsy nanana fahefana izy ireo. . . Raha tonga eto amin'ny toriteny keliko aho eto, izaho—hatsofoko ao izany. Hitanareo?

162 Fa ireo vehivavy, raha manana fanomezam-pahasoavana izy ireo. . . Ankehitriny, ny fomba marina izay inoako hoe rehefa tonga miaraka isika tsy ho ela mihitsy. . . Rehefa voalamina

tsara kely kokoa ny fiangonantsika. . . Ary—ary eo amin'izay ihany, misy vondrona vaovao iray, vaovao iray—hikambana ny fiangonana iray hafa ary. . . ?. . . ho tonga miaraka amin'ity fiangonana ity vantany vao manana toerana ho azy ireo isika eto sy ny sisa. Ho tonga ny fiangonana iray hafa ka hikambana amin'ity fiangonana ity, tsy rafi-pandaminana, tonga fotsiny toy ny vatana iray, ao anatin'ny vondrona iray, amin'ny fiangonana. Ary—ary vondron'olona manana fanomezam-pahasoavana izy ireo.

163 Ary ankehitriny, rehefa tonga miaraka izany, ireo zavatra hatao, dia tsy maintsy mivory miaraka ireo olona manana fanomezam-pahasoavana ireo amin'ny fotoana manokana, ka hahita an'izay lazain'ny Fanahy amin'izy ireo. Ary avy eo dia azo omena avy eo amin'ny lampihazo izany. Ary ny olona. . . Ho an'ny fampandrosoana ny fiangonana izany.

164 Ankehitriny, raha miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ianareo, ary fantatrareo, tsy misy olona mandika azy. . . Ary amin'izay fotoana izay rehefa ao amin'ireo fivoriana ianareo, indraindray dia tena tsy manaja ilay izy, fantatrareo. Mahita ianareo indraindray. . . Nitsangana aho tao amin'ny fiangonako nanao antso eny amin'ny alitara, ary nitsangana ny olona iray ka nanapaka an'ilay antso eny amin'ny alitara niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra. Ankehitriny hitanareo, ankehitriny dia mety niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra marina tokoa ilay olona; mety ho ny Fanahy Masina izany, fa hitanareo, tsy nampianarina hahafantatra an'izay hatao, hoe ahoana no ihazonana an'io. . .

165 Nipetraka teo ambony lampihazo aho dia nandre mpitory teny iray nitory ary nahita azy tonga teo amin'ny toerana iray. . . Oadray, te-hitsangana aho ary hanampy azy mafy mihitsy fa tsy fantatro izay hatao. Ary nanao an'ilay zavatra iray ihany ianareo; manao an'izany isika rehetra. Fa inona izany? Tsy manaja izany. Mipetraha. Hajao ny rahalahiko.

166 Nandre aho—nandre an-dRahalahy Neville nitory aho, ary nandre ahy nitory teny izy rehefa izahay, tsy isalasalana, izahay dia. . . Rahalahy J. T. eto sy izy rehetra ireo, na—ary izy rehetra ireo, afaka mifampihaino mitory teny izahay, mieritreritra izahay hoe, "Oh rahalahy, mino aho fa hitsangana hanampy azy aho." Hitanareo? Tsapanareo fotsiny fa mirotsaka eo aminareo ny Fanahy, fa inona no ataonareo? Hazòny ny filaminanareo. Hitanareo? Satria ny fanahin'ny mpaminany dia manaiky ny mpaminany. Hitanareo? Marina izany, hazòny ny filaminanareo. Hitanareo? Ataovy izany.

167 Fa mino aho fa raha ilay vehivavy. . . Ilay fanontaniana dia hoe raha manana fanomezam-pahasoavana an'ny fiteny tsy fantatra ilay vehivavy ka te-hiteny, mino aho fa rehefa tonga io fotoana io, dia manana zò hiteny amin'ny fanomezam-pahasoavana an'ny fiteny tsy fantatra izy, fa tsy hitory teny na

hanana fahefana eo amin'ny lehilahy. Rehefa mpitory teny iray izy, dia mazava ho azy fa ambonin'ny lehilahy izy.

**159. Rahalahy Branham, nanambady vehivavy iray izay efa nanambady tany aloha aho. Nisaraka izahay, ary efa nanambady indroa izy hatramin'io. Ny Baiboly dia manambara fa raha maniry hanambady isika—raha maniry hanambady isika, dia miverina amin'ny. . . vady voalohany. Ankehitriny, afaka miverina aminy izay efa nanambady ve aho sa mety ho afaka aho?**

168 Eny ankehitriny, ry rahalahiko, ity no fomba tokana ahafahanao manao an'izany. Ankehitriny, lohahevitra lehibe iray ity, ary indray andro any aho—tiako raha—raha voalamina mihitsy ny fiangonana ka mahitsy amin'ilay toerana tokony hisy azy na. . . Izaho—milaza an'ity amin'ny fanajana aho, izaho. . . Misy ankolafiny roa mikasika an'ity fanambadiana sy fisaraham-panambadiana ity ao amin'ny fiangonana, ny anankiray mihazona ankolafiny iray ary ny anankiray iray hafa. Ary araka ny hevitro, miaraka amin'ny fahasoavana ato ampoko eo anatrehan'Andriamanitra sy Ny Baiboliny, dia diso izy roa ireo. Hitanareo? Saingy misy fahamarinana iray mipetraka eo.

169 Raha mahamarika an'izay nolazain'i Jesosy ianareo. . . Ankehitriny eto, manana rahalahy iray aho, ny rahalahiko iray rà amiko manokana, izay mikasa hanambady vehivavy iray. Ary ny rahalahiko dia efa nanambady tany aloha ary niteraka zanaka iray avy tamin'ny vehivavy tsara iray. Ary nanatona ahy izy mba hampanambady azy. Hoy aho hoe, "Tsia mihitsy!"

170 Hoy Jesosy ao amin'ny Matio 5 hoe, "Na iza na iza no misaotra ny vadiny, ka manambady iray hafa, afa-tsy nohon'ny fijangajangana ihany (izay tokony nataony talohan'ny nanambadiany ka tsy noteneniny taminy ny mikasika an'izany), dia mampijangajanga azy: na iza na iza manambady an'izay voasaotra dia miaina ao anatin'ny fijangajangana." Koa aza manao an'izany. Tsia, ianao dia tsy afaka miverina amin'ny—amin'ny vadinao voalohany raha efa nanambady indray izy. Fa raha ianao—nisaraka taminao izy ka nandroaka anao. . .

171 Avy eo dia hoy ianao hoe, "Afaka ve aho?" Mamelà ahy hamaky azy indray. "Nanambady vehivavy aho izay tsy mbola nanambady mihitsy tany aloha. Nisaraka izahay, ary efa nanambady indroa izy (ataoko fa nijanona ho mpitovo ity olona ity.) Ny Baiboly dia manambara fa raha maniry hanambady isika dia miverina amin'ny. . . voalohany indray."

172 Tsia, tompoko! Mandehana ao amin'ny lalàn'ny Levita. Raha miverina amin'io vehivavy io ianao, fananan'olon-kafa izy. Nandoto sy nanao ny tenanao ho ratsy kokoa noho ny hatramin'izay ianao. Tsia, tsy tokony hamerina vady iray izay efa nanambady olon-kafa ianao.

173 Ankehitriny, “Afaka miverina aminy izay efa nanambady tany aloha ve aho sa tokony—sa tokony ho afaka aho?” Afaka ianao! Mijanòna afaka! Hia, aza miverina indray. Tsia, tompoko! Nanambady olon-kafa izy; mijanòna lavitra azy. Marina izany! Aza . . . Nandoto izany . . . ? . . . Azonao. Raha manana fotoana amboniny kely isika, tsy hiditra ao amin’izany aho, saingy ho an’ny fanontanianao fotsiny, ry rahalahiko, na iza na iza ianao: Tsia, tompoko! Aza miverina ka haka an’io vehivavy io rehefa nanambady indroa na intelo izy hatramin’ny nanambadiany anao. Ratsy izany.

174 Nampanambady mpivady aho teto vao tsy ela akory izay efa nivady taloha, ary nisaraka izy ireo ka lasa, ary—mpivady antitra. Eny, izy ireo dia Rahalahy sy Ranabavy Puckett; izany marina tokoa ilay izy. Tsy afaka nifanaraka fotsiny izy ireo ary nanana fifamaliana kely teo amin’izy ireo; nisaraka izy ireo. Niaina mahatoky sy mpitovo arak’izay naha-izy azy izy, ary niaina tahaka an’izany koa izy. Ary afaka kelikely, dia hitan’izy ireo hoe adala toy ny ahoana izy ireo, ary niverina izy ireo ary naniry ny hampivadiana. Hoy aho hoe, “Azo antoka!” Hitanareo? “Mety tsara izany, izany no tokony hataonareo.” Noho izany izy ireo . . . Eny, nivady foana izy ireo. Tsy mbola nisaraka mihitsy izy ireo; nanome taratasy fotsiny ho azy ireo mba hiaina miaraka ho vady lahy sy vady vavy; izay ihany, satria efa nivady izy ireo tany amin’ny voalohany.

**160. Inona no dikan’ireo litera telo eo amin’ny lakroa Katolika?** (Ndao hojerentsika.) **Inona no dikan’ireo litera telo eo amin’ny lakroa Katolika?**

175 Eny, heveriko fa mitovy ny lakroa rehetra, raha tsy izaho no . . . Tsaratsara kokoa amiko ny manamarina an’izany. Fa ilay izy dia misy I-R-N-I izay midika hoe “Jesosy avy any Nazareta, Mpanjakan’ny Jiosy.” Hitanareo? Raha izany ilay izy, dia tsy fantatro fa nanana zavatra manokana na zavatra na hafa izy ireo. Fa ireo litera ireo dia midika hoe “Jesosy avy any Nazareta, Mpanjakan’ny Jiosy.” I-R-N-I, izany no eo amin’ny lakroa. Eny àry.

**161. Ho ratsy ve ny mampiasa ny ampahafolon-karena eo amin’ny vola fanorenana fiangonana?**

176 Eny ankehitriny, ity—ity misy zavatra kely manaitra ho an’ny fiangonana ankehitriny. Tsia, ny ampahafolon-karena dia tokony handeha marina tokoa hankany amin’ny mpitoriteny. Marina izany! Ao amin’ny Baiboly dia nanana boaty iray izy ireo izay napetrany teo am-baravarana ao amin’ny Testamenta Taloha rehefa ny—tranobe. Io boaty io no nisy ny vola izay napetraky ny olona tao ho an’ny fanamboarana . . . Efa namaky an’izany imbetsaka ianareo tao amin’ny Testamenta Taloha. Nikarakara an’ireo tranobe sy ny sisa tahaka an’izany izy ireo . . . Ny fanamboarana rehetra teo amin’ny tranobe dia

nosahanin'io vola io. Fa ny ampahafolon'izany dia nandeha—ny ampahafolon'ny fahafolon-karena—ny fahafolon-karena rehetra dia nankany amin'ny mpisoron'izy ireo, ny pasiteran'izy ireo. Eny, ny fahafolon-karena dia tsy tokony handeha ho an'ny inona na inona hafa.

177 Fantatro fa misy olona mitondra ny ampahafolon-karenany ka manome an'izany ho an'ny vehivavy mpitondratena iray. Diso izany. Raha manana zavatra homena an'ilay vehivavy mpitondratena ianareo, dia omeo azy, fa aza omena azy ny volan'Andriamanitra. Voalohany dia tsy anareo izany. An'Andriamanitra izany!

178 Raha naniraka ahy nankany an-tanàn-dehibe ianareo hividy mofo iray, ka nomenareo dimy amby roapolo cents aho hividianana mofo, ary nifanena tamin'ny olona iray aho teny an-dàlana izay nila an'izany. . .zavatra hafa, ary nomeko azy ilay dimy amby roapolo cents, hitanareo, dia ny volanareo no nomeko azy ireo. Raha nangataka zavatra tamiko izy ireo, dia aoka izy ireo haka an'izany ato amin'ity paosy ity ary homeko azy ireo ny volako; fa ity dia volanareo. Ary ny ampahafolon'izany dia an'ny Tompo. Ary Levy, ilay mpanao fisoronana, dia nivelona tamin'ny ampafahafolony.

179 Ny ampahafolony dia tokony ho ny ampahafolon-karena izay entina ao amin'ny trano fitehirizana miaraka amin'ny teny fikasana iray an'Andriamanitra hitahy an'izany. Ary porofo iray, hoy Izy hoe, "Raha tsy mino an'izany ianareo, dia avia ka zahao toetra Aho ary jereo raha tsy Hataoko izany." Hitanareo? Marina izany!

180 Ny ampahafolon-karena dia mandeha mankao amin'ny fiangonana ho an'ny pasitera sy ny sisa tahaka an'izany mba hivelomana. Ary noho izany ireo—ireo—ireo vola ho an'ny fanorenana sy ny sisa tahaka an'izany dia vola misaraka tanteraka. Ankehitriny, izany—ara-tSoratra izany.

181 Indray mandeha rehefa manomboka izahay, dia te-haka hariva iray aho. . .Nandeha teto aho fotoana vitsy lasa izay talohan'ny nandaozako ny tabernakla ary naka teo amin'ny roa na telo herinandro teo ary teo amin'ireo lohahevitra tahaka an'izany fotsiny ary nandinika an'izany mihitsy ka naneho hoe inona ireo ampahafolon-karena ao amin'ny fiangonana.

**162. Rahalahy Branham, misy zavatra ratsy ve ny mikambana amin'ny klioba iray aorian'ny nahalasa antsika ho Kristiana, tahaka ny hoe Franc-maçons?**

182 Tsia, tompoko! Aoka ho Kristiana iray ianao na aiza na aiza misy anao. Tsy ahoako izay misy anao, mbola afaka ny ho Kristiana iray foana ianao.

**163. Ahoana no ahatsapanao fa izany no fomba tsara indrindra hahitana ny Tompo. . . Ahoana no—ahoana no ahatsapanao fa izany no fomba tsara indrindra hahitana**

**ny sitrapon'ny Tompo ao amin'ireo raharaha manan-danja sasany?**

Ankehitriny, mamelà . . . Tsy mino aho fa izaho . . . Mamelà ahy hahita raha afaka mahazo ny fitohizan'izany aho. "Ahoana no ahatsapanao fa izany no fomba tsara indrindra (hitako fa tokony hisy faingo iray eo, heveriko) . . . Ahoana no ahatsapanao fa izany no fomba tsara indrindra hahitana ny sitrapon'ny Tompo ao amin'ireo raharaha manan-danja sasany?"

183 Teneniko aminao, ry sakaiza malala, ny fomba tsara indrindra hahitana ny sitrapon'Andriamanitra amin'ireo raharaha manan-danja sasany dia ny vavaka. Hitanao?

184 Ankehitriny, mamelà ahy . . . Ity misy zavatra kely mahafinaritra eto. Raha ianao—raha—raha manana raharaha tena manan-danja ianao . . . Ankehitriny, ity no fomba anaovako azy. Entiko eo anatrehan'ny Tompo izany. Ary efa izany foana no heriko; miandry ny Tompo aho ary mahita an'izay Lazainy. Ary namela ny tenako ho tsy momba ny atsy na ny aroa aho eo amin'izany, tsy maka ny andaniny roa, ka manao hoe, "Ankehitriny, Ray any an-danitra, izany—izany dia mety . . . "

185 Mazava ho azy ankehitriny, amin'ny zava-misiko ny ankamaroan'ny fotoana, raha tena zava-dehibe ilay izy, dia miandry fahitana iray aho. Fa olona maro, no tsy ifanarahan'Andriamanitra amin'ny fahitana. Koa noho izany, dia tsy hanoro hevitra anareo aho hanao an'izany. Hitanareo? Satria ny olona sasany fotsiny no manana fahitana ary ny sasany manao zavatra hafa. Eo amin'izay anaovanareo zavatra hafa izay azoko atao, angamba—amin'ny fomba anompoanareo ny Tompo—manao zavatra tsy azonareo atao aho. Hitanareo? Samihafa no ifanarahan'Andriamanitra amintsika.

186 Ary noho izany aho dia raha izaho no teo amin'ny toeranareo ka tsy nahazo fahitana avy teo anatrehan'ny Tompo, dia hiandry ny Tompo fotsiny aho ka hanao hoe, "Tompo, ankehitriny dia aoka Ianao haneho amiko an'izay fanapahan-kevitra ho horaisina." Ary amin'izay fotoana izay, araka ny ahatsapanareo fa voatarika hanao an'izany ianareo, avy eo dia miandrasa kely fotsiny, avy eo dia miandrasa elaela kely kokoa, ary jereo hoe làlana iza, lafiny inona no ironanareo, làlana iza ny Fanahy . . . Manaova hoe, "Ankehitriny, Ray, ato am-poko Fantatrao fa tsy mampaninona izany; fa izaho—te-hahafantatra an'izay Tianao hatao aho mikasika an'izany."

187 Izany no fomba ataoko momba ny fivoriana indraindray. Raha mahatsiaro ho voatarika handeha amin'itsy na itsy aho, amin'izay fotoana izay dia hanaraka an'izany aho. Tahaka an'izany no anaovana azy, satria ao amin'ny vavaka ilay izy amin'izay fotoana izay; manao ny tsara indrindra izay vitanareo ianareo.

188 Ary ity no inoako, ry sakaizako, tahaka an'i Paoly ao amin'ny—ao amin'ny Testamenta Vaovao tamin'ny andro lasa. Teo anelanelan'ny fahasarotana roa izy, làlana iza no tokony halehany. Ary nanomboka teo amin'ny làlana diso izy, ary nahazo antso iray ho any Makedonia. Ary mino aho fa raha mandray fanapahan-kevitra iray ho an'Andriamanitra ianareo ka manao an'izany amin'ny tsara indrindra izay vitanareo, dia mino aho fa hanitsy anareo Andriamanitra ka tsy—hijery fa tsy diso làlana ianareo. Mino aho fa hataon'Andriamanitra izany.

**164.** Ndao jerentsika. **Rahalahy Branham, inona no mitranga amin'ireo olona izay—izay noheverina ho virijiny matory rehefa tsaraina ao amin'ny fitsarana izy ireo?**

189 Eny, ilay virijiny matory dia ho voavonjy mazava ho azy. Ho voavonjy izy ao amin'ny fitsarana. Tsy ho ny Ampakarina mihitsy izy, fa vondron'olona voavonjy izay ho tonga ao amin'ny fitsarana, izay tsy ho tafiditra ao amin'ny Ampakarina. Fa raha mbola virijiny foana izy ireo, dia eo anoloan'Andriamanitra. Hitanareo? Tsy maintsy voavonjy izy ireo. Izy no manasaraka . . . Izy ireo no ho ondry eo Ankavanany. Ary ny tsy voavonjy no ho osy eo Ankaviany eo amin'ny Seza fiandrianana Fotsy lehibe an'ny Fitsarana.

Afaka mandany fotoana betsaka eo amin'izany aho, saingy izaho—efa tara kely izao.

**165. Azo atao ho an'ny olona iray feno ny Fanahy Masina ve ny ho voatariky ny—voatariky ny—hanao zavatra kely . . . voataona hanao zavatra kely—kely izay tsy tiany hatao?**

190 Oh, eny! Eny, tompoko! Hia, olona iray feno ny Fanahy Masina . . . Ao amin'ilay toerana mihitsy ianareo arak'izany mba ho—mba ho voatarik'ireo zavatra ireo. Mametraka ny tenanareo ho fikendry iray fotsiny ianareo. Rehefa eo ambany eo ianareo manompo ny devoly, dia mamela anareo ho rendrika moramora fotsiny amin'ny làlana rehetra izay tianareo izy. Fa vao miandany an'i Kristy indray mandeha ianareo, dia efa eo amin'ny ilany hafa ianareo amin'izay fotoana izay, manatodika ny basy tsirairay mankany aminareo mihitsy izy. Ny fakam-panahy tsirairay, ny zavatra rehetra mety hatsipy eo aminareo, amin'izay fotoana izay no ahazoanareo an'izany. Fa inona no anananareo? "Lehibe Izy izay ao anatinareo, noho izy izay ao amin'izao tontolo izao." Hitanareo?

191 Ankehitriny, tsy tao anatin'ny ady ianareo teto, nihilangilana fotsiny ianareo. Hitanareo? Fa ankehitriny, ianareo dia—nidio ianareo; niakanjo ianareo; niharatra ianareo; nibango ny volonareo ianareo; manao fanamiana ianareo; manana basy iray ianareo eny an-tànanareo. "Ndao isika handeha!" Hitanareo? Ao amin'ny ady ianareo, tsy hisehoseho, fa hiady, hiady! Azo antoka fa rehefa mipoitra ny fakam-panahy, miaraka amin'ny Fanahy, ny ampingan'ny finoana, manosika an'izany, ary mandroso.

Hitanareo? Marina izany. Oh, anaovy ny fiadian'Andriamanitra rehetra. Nahoana ianareo no mitafy fiadiana raha tsy hiady ianareo? Ny miaramila rehetra dia miakanjo mba hiady, fa tsy hisehoseho, mivoaka ary manao hoe, "Izaho no *Ranona-sy-ranona*. Ankehitriny, Kristiana iray aho. Jereo hoe iza aho. Izaho dia mikambana amin'*izao-sy-izao*. Haleloia! Nandray ny Fanahy Masina aho indray hariva. Azo antoka, tsy misy na inona na inona manelingelina ahy intsony." Hah-ah! Oh, rahalahy, izaho—mino aho fa tsaratsara kokoa aminareo ny miverina ka manandrana indray. Hitanareo?

192 Oh, teneniko aminareo, raha vantany vao milaza ianareo fa manana ny Fanahy Masina; dia manatodika ny basiny rehetra eo aminareo avy hatrany i Satana, mitifitra anareo. Noho izany dia anaovy ilay fiadiana manontolo, avy eo dia raiso ny ampingan'ny finoana, ny sabatry ny Fanahy na ny Teny, ary raiso ny—anereo ny—ampikiraroy amin'ny Filazantsara ny tenanareo, ary raiso ilay ampahany tranainy eo afovoany eo, ny fiarovantratra, ary sintony ilay famatorana eo aminy, dia tereo kely ny tenanareo, ary miomàna ho amin'izany, satria ho avy izany. Aza manahy. Eny, tompoko! Hanana olana betsaka ianareo. Fa tsarovy, "Lehibe Izy izay ao anatinareo, noho izy izay ao amin'izao tontolo izao."

**166. Inona no tian'i Jesosy lazaina ao amin'ny Masindahy Matio 16:9 sy 10? Inona no asehon'ireo harona roa ambin'ny folo sy ireo harona fito? Fanontaniana ho an'ny Alahady maraina.**

193 Ndao jerentsika—ndao jerentsika, Matio 16:10. Tsy azoko antoka loatra izao ankehitriny izao. Mamelà ahy ho tonga amin'izay misy an'izany, Matio 16:9 sy 10—16:9 sy 10. Eto isika izao.

> *Tsy* ianareo *ve*. . .*nahazo, na nahatsiaro koa an'ireo mofo dimy* na *ireo dimy arivo, ka firy harona no nangoni*nareo?
>
> *Na koa ireo mofo fito* na *ireo efatra arivo, ary firy harona* no nangoninareo?

Diniho ankehitriny. Ndao isika haka kely fotsiny alohan'ity mihitsy.

> Ary *hoy Jesosy tamin'izy ireo, Mihevera* ka *mitandrema* ianareo *amin'ny masirasiran'ny Fariseo sy ny Sadoseo.*
>
> *Dia niara-nisaina izy ireo, nanao hoe,* Izany ve *dia satria tsy nitondra mofo isika.*
>
> Jesosy. . .(Diniho ankehitriny!). . .*Fa rehefa nahafantatra Jesosy,*. . .(Takany ny eritreritr'izy ireo, hitanareo.) . . .*hoy izy tamin'izy ireo, O ianareo ry kely*

*finoana, nahoana ianareo no misaina eo anivo*nareo, *satria* ianareo *tsy nitondra mofo?*

*Tsy* ianareo *ve*. . .*mahazo, na* tsy *tsaroanareo koa ve ireo mofo dimy* sy *ireo dimy arivo,* na *harona firy no nangoni*nareo?

194 Amin'ny teny hafa dia tahaka an'izao: "Raha nahita an'Andriamanitra nanomana sy nanao fahagagana iray ianareo, amin'izay fotoana izay dia tsy afaka manao fahagagana iray indray ve Izy?" Hitanareo? Hitanareo, raha. . .Amin'ny teny hafa, dia tahaka an'izao: Raha namonjy anareo avy tamin'ny fiainan'ny fahotana Izy, dia tsy afaka manasitrana ny vatanareo ve Izy? Tsy tsaroanareo ve fony ianareo mpanota iray hoe ahoana no Nanandratany ny fanahinareo tao amin'ny finoana mba hino? Tsy afaka manao zavatra lehibe tahaka an'izany ho anareo indray ve Izy? Tsy afaka ve Izy—tsy afaka manao an'ilay fahagagana na zavatra hafa ho anareo ve Izy? Ireo harona dimy. . .Hoy Izy, "Tsarovy. . ."

195 Tahaka ny. . .Rehefa niampita ny Ranomasina Mena izy ireo, nosokafan'Andriamanitra tahaka an'izao ny làlana ka nanao an'ilay Ranomasina Mena hisokatra tahaka an'izao, ary nandeha niampita, dia tonga teny amin'ilay ilany hafa mihitsy izy, ary vantany vao tsy nanana rano izy; dia nanomboka nimonomonona izy ireo. Marina ve izany? Vantany vao tsy nanana mofo izy ireo dia niantsoantso hoe, "Tsy manana mofo izahay." Hitanareo?

Hoy Izy, "Tsy noeritreretinareo ve ilay fahagagana tany amin'ny Ranomasina Mena? Tsy nidina ve ianareo, rehefa tonga teo amin'ny toerana iray teo amoron'ny Ranomasina Mena ianareo rehetra?"

"Oh," hoy izy ireo, "Tokony ho faty izahay. Indro tonga eto amintsika ireo Egyptiana ankehitriny. Indro ilay izy; inona no hataontsika?"

196 Hoy izy, "Iza no namely ny tany tamin'ny loza tany? Iza no nihazona ny masoandro hamiratra tao Gosena?" Hitanareo? Tsy maintsy mahatsiaro an'ireo zavatra ireo isika, mahatsiaro fa Andriamanitra dia Andriamanitra! Haleloia! Ny iray amin'izany, dia mbola Andriamanitra foana Izy. Afaka manao ny zavatra rehetra tokoa Izy.

**167. Ho azavainao ve azafady ny "Vatan'i Kristy" ao amin'ny Korintiana Voalohany 12:27 ary ny "Ampakarin'i Kristy" ao amin'ny Apokalypsy 2:9—9. Ara-panahy ve ny Jerosalema vaovao ao—ara-panahy ao amin'ny Apokalypsy? Izany—izany—famantarana ara-panahy an'ilay Fiangonana ve izany?**

197 Tsia! Ankehitriny, ndao jerentsika raha hitako aloha izany, Korintiana Voalohany, haingana mihitsy, Ny Korintiana Voalohany ny toko faha-12, eny àry, ary ny andininy faha-27.

Ary *ianareo no vatan'i Kristy, ka samy mambra amin'ny anjarany.*

198 Ary avy eo, aiza ilay Soratra manaraka? Apokalypsy 2—21:9, Apokalypsy ao amin'ny toko faha-21 ary ny andininy faha-9. Eny àry, ary eto isika izao.

*Ary indro tonga teo—ary tonga teo amiko ny anankiray tamin'ireo anjely fito izay nanana ny lovia fito feno an'ireo loza fito farany, ary niresaka tamiko, nanao hoe, Avia atỳ,* fa izaho dia *haneho* aminao *ny—ny—izaho haneho* aminao *ny ampakarina, vadin'ny Zanak'ondry.*

199 Eny, ny Vatan'i Kristy. Hitanareo, ny tenan'i Kristy dia nopotehina ho an'ireo fahotantsika ary tamin'ny Fanahy iray no nanaovana batisa antsika rehetra ho amin'izany Vatana izany ka lasa mambra. Ary taiza no—taiza ilay—ilay vatana... Taiza ny vadiko, fiteny ara-mari-pamantarana...Avy taiza i Eva? Ny vatan'i Adama. Nesorina avy tamin'ny valahany izy. Nesorina teo amin'ny valahan'i Adama i Eva. Ilay Kristy... Ary ampahan'ny vatany izy. Hoy izy hoe, "Nofon'ny nofoko sy taolan'ny taolako izy. Ary izaho hiantso azy hoe vehivavy." Hitanareo?

200 Ankehitriny, ary ny Vatan'i Kristy dia nesorina tamin'ny vatan'i Jesosy, satria isika dia Fanahiny sy nofony ary taolany. Hitanareo? Satria nateraka tao amin'Ny Vatany isika. Ary satria Azy ity vatana eto ity, kanefa nateraka tao amin'ny fahotana izy, dia nanavotra azy Izy. Andriamanitra no hanangana azy amin'ny andro farany, ary hiaina ao anatiny mandrakizay aho. Hitanareo? Izay ilay izy. Eny àry.

201 Ankehitriny, ndao jerentsika, ny fanontaniana farany eto dia hoe: "Ara-panahy ve i Jerosalema vaovao?" Tsia, tsia, ilay Jerosalema vaovao izay hitan'i Jaona avy tamin'Andriamanitra avy tany An-danitra; tsy ny famantaran'ilay Fiangonana izany ankehitriny. Hitanareo? Izany dia—izany dia ny—ilay...Ilay Jerosalema vaovao izay hitan'i Jaona nidina avy any An-danitra voaomana tahaka ny—Apokalypsy 21 (hitanareo?)—voaomana tahaka ny Ampakarina voaravaka ho an'Ny Vadiny...

Ny fanontaniana farany ankehitriny; heveriko fa izay izy rehetra ireo.

**168. Milaza ny Baiboly fa ny zavatra rehetra dia miara-miasa hahasoa an'izay tia ny Tompo. Noho izany raha tia an'Andriamanitra ianareo ka miverina any amin'izao tontolo izao, dia hamela anareo ho faty ao anatin'ny fahotana ve Andriamanitra sa hamela anareo hihavana Aminy indray Izy alohan'ny Anesorany anareo?**

202 Nosoniavin'ilay ramatoa teo amin'izany ny anarany, noho izany dia hilaza aho hoe ilay izy dia ra—ramatoa iray (hitanareo?), satria nanasonia ny anarany izy. Eny, Ranabavy.

Raha teraka ianao . . . Ankehitriny, mamelà ahy haka an'ity. Jereo, vonjimaika, kely, ny tsirairay amintsika dia miverindàlana imbetsaka isan'andro. Fantatsika izany. Meloka isika rehetra, ny tsirairay avy amintsika; tsy misy iray amintsika tanteraka. Ary raha mbola ato amin'ity vatana ity foana, isika dia mbola . . . Tsy mampaninona na impiry no ezahan'ny olona itenenana hoe, "Efa nohamasinina aho; afaka manoroka an'ity vehivavy ity aho na manao an'itsy." Mandainga izy; tsy afaka izy. Ankehitriny, izay ihany.

203 Tsy miezaka aho hilaza hoe, "Tompo, avelao aho hijery hoe akaiky toy ny ahoana no azoko andehanana." Ilay izy dia hoe, "Tompo, hazòny lavitra arak'izay mety ho tratrako aho." Hitanareo? Mijanòna lavitra fotsiny araka . . . Tsarovy, fa mbola olombelona foana ianareo. Hitanareo?

204 Ary . . . Fa ankehitriny, raha manao fahadisoana ianareo ka manao zavatra ratsy . . . Tsy minia manao ianareo . . . Raha Kristiana iray ianareo, raha Kristiana nateraka indray ianareo, dia tsy manao fanahy iniana hanao ratsy ianareo. Marina ny fikasanareo sy ny zavatra rehetra. Fa raha manao ianareo, araka ny nolazainy eto, manao fahadisoana ary manao zavatra ratsy, dia hamela anareo hanohy sy hanohy fotsiny ve Andriamanitra ka ho faty tahaka an'izany ary ho very, sa hamerina anareo ho amin'ny fampihavanana Izy? Hamerina anareo Izy. Marina izany! Hamerina anareo Izy.

205 Ary raha ny—ary avy eo, raha manao zavatra ratsy ianareo, ka tsy manameloka anareo izany ary manohy tahaka an'izany ianareo, manohy foana, dia tsarovy, tsy voavonjy ianareo tany amin'ny voalohany. Marina izany. Ianareo—ianareo tsy—tsy voavonjy ianareo; nanana mody-finoana fotsiny ianareo; tsy voavonjy ianareo. Fa rehefa voavonjy ianareo, dia manana fanahy hafa; natiora hafa ianareo. Olom-baovao ao amin'i Kristy ianareo, ary efa lasa ireo zavatra taloha, ary maty izy ireo ka nalevina tao amin'ny ranomasin'ny fanadinoana. Hitanareo?

206 Ary . . . Fa satria miaina eto amin'ity izao tontolo izao eto ity ianareo, dia misy fandrika napetraka ho anareo hatraiza hatraiza, fa mandeha miaraka amin'ny masonareo eo amin'i Kristy ianareo. Ary tsarovy, fa rehefa manao fahadisoana ianareo, ny tena Kristiana iray dia hiverina haingana mihitsy isan'andro ho an'ny fampihavanana.

207 Jereo, tao anatin'ny sambofiara Andriamanitra dia namoaka an'ilay goaika antitra—na i Noa namoaka an'ilay goaika. Ankehitriny, inona izy? Goaika iray izy. Oh, eny, nipetraka teo amin'ilay rantsan-kazo iray ihany izy teo niaraka tamin'ilay voromailala. Samy nipetraka tao amin'ny rantsan-kazo iray ihany izy roa; fa rehefa navoakany ilay goaika antitra, eny, ilay antitra . . . Heveriko fa maimbo ny rano rehetra niaraka tamin'ny vatan'ny olona an-tapitrisany nibontsina teo am-pahalòvana teo

an-tampon'ny rano, ary maty ny soavaly sy ny biby rehetra. Rava izao tontolo izao. Ary teo izy ireo, ireo vatana maty tranainy nitsingevana teo an-tampon'ny rano sy ireo zavatra tahaka an'izany. Ary navoakan'i Noa ilay voromailala, satria noheveriny fa nahita masoandro izy. Ary te-hahafantatra izy na efa nihena na tsia ny rano, noho izany dia navoakany ilay—ilay—ilay goaika. Ary nanidina teo ambonin'ny vatana antitra maty iray ilay goaika antitra, "Oadray, mahafinaritra fotsiny; tsara izany!" Hitanareo, mihinana vatana maty. Nahoana? Izany no natiorany. Goaika iray izy. Tsy mampaninona na impiry no nipetrahany niaraka tamin'ilay voromailala, impiry ny nandrenesany an'i Noa nitory teny, impiry no nipetrahany niaraka tamin'io vorona madio io, dia goaika iray izy eo am-panombohana. Vantany vao nahazo fanararaotra hampiseho ny lokony izy, dia nasehony izany.

208 Ankehitriny, fa rehefa navoakany ilay voromailala, rehefa nanomboka nivoaka izy, fioo, tsy afaka nahatanty an'izany izy. Tsy afaka nandeha na aiza na aiza izy; tsy afaka nahita fitsaharana ho an'ny faladian'ny tongony izy, noho izany dia niverina nankao amin'ny sambofiara izy. Ary tahaka an'izany ilay izy.

209 Indraindray ianareo dia mety navotsotra vetivety mba hahitana an'izay hataonareo, fa ho izany foana ianareo raha manana ny natioran'ny voromailala ianareo, tsy afaka hihinana sakafon-goaika. Izay ihany, tsy ho levona fotsiny izany; izay ihany.

210 Aiza no ho nalehanareo, inona no ho nataonareo? Teneno amiko izay ho nataonareo raha ianareo—raha tsy Kristiana iray ianareo! Teneno amiko izay ho nataoko izao maraina izao raha tsy Kristiana iray aho! Inona no azoko atao izao maraina izao nefa ny reniko mandry any amin'ny hopitaly any ao anatin'izany toerana izany ary tsy nahatsiaro tena izy ary mandry any, ary tao am-poko dia afaka nitsangana teo amin'ny polipitra aho ary nitory teny, ary manohy tahaka ny ataoko, toy ny hoe tsy miraharaha loatra an'izany aho? Satria fantatro fa voavonjy ny reniko. Hitanareo? Fantatro fa voavonjy izy. Fantatro Izay ninoako; resy lahatra aho fa afaka mitahiry an'izay natolotro Azy ho an'ilay andro Izy.

211 Inona no ho nataon'i Mama ankehitriny? Ankehitriny, angamba nanana fikasana tsara izy nandritra ny fiainany rehetra, hoe "Indray andro any dia ho Kristiana iray aho." Saingy ahoana no ahafahany ho izany ankehitriny nefa izy mandry any tsy mahatsiaro tena? Ahoana no ahafahany ho lasa Kristiana iray ankehitriny? Inona no ho nataon'ireo zanany?

212 Indray andro rehefa nametraka azy izahay—nitondra azy tany mba hanomezana azy glucose tany...Izany no zavatra tokana ananany ao amin'ny vatany dia glucose. Tsy afaka

mitelina izy; malemy izy. Ary hoy izy hoe, "Ity zavatra anankiray ity no tiako ho fantatrao, Billy," niresaka mikasika ahy sy Delores nitsangana teo izy, ary mikasika an'ireo zanany sy ny sisa, ary ny vitsivitsy amin'ireo rahalahiko dia misotro.

Dia hoy aho hoe, "Eny, nandratra ny fonao izy ireo."

Hoy izy—hoy izy, "Saingy Billy, izany rehetra izany dia mandeha ao amin'ilay kodiarana ho an'ny reny iray." Hoy izy hoe, "Saingy voavonjy aho." Ary hoy izy hoe, "Vonona ny handeha aho."

213 Hoy aho hoe, "Mama, mety namela trano iray ho anay ianao izay nahatakatra manomboka ao Jeffersonville hatrany Utica, lapa iray; mety ho namela folo tapitrisa dolara ho anay ianao mba hifamaliana sy hiadiana rehefa lasa ianao (izay ihany no hitranga amin'izany); saingy Mama, namela ho anay an'ilay harena lehibe indrindra izay azon'ny olona avela ianao, ny—ny antoka fa hahita anao indray izahay ao amin'io Tany any ankoatry ny renirano io." Marina izany! Hitanareo?

214 Voavonjy ianareo, ary tena faly aho ny mahafantatra fa Kristy no mamonjy ny. . .Fa mety miverin-dàlana isika; mety manao ratsy isika; manana ny ambony sy ny ambanintsika isika rehetra; fa ao amin'ny fanahinareo vantany vao manao zavatra iray ianareo, eny, misy zavatra tsy mety ao anatinareo; fantatrareo fa misy. Ankehitriny, eo mihitsy no fotoana hitsambikinana. Izany ilay fotoana, hitsambikinana. Mialà lavitra an'izany.

215 Ankehitriny, atao hoe mandeha eto ianareo androany, ary—ary misy olona manatona anareo ka manao hoe, "Hey, miteny amiko izy ireo fa isan'ireo holy-rollers ireo ianao."

Haingana mihitsy, hoy Satana hoe, "Felaho hianjera izy!" Hitanareo?

216 "Tsy fantatro ny mikasika ny maha-holy-roller iray; Kristiana iray aho!" Hitanareo? Ary isan'andro miaraka amin'ny ratsy, mifanena amin'ny ratsy ny tsara. Ary tsarovy, raiso fotsiny ity ankehitriny, tsarovy ity, rehefa mifanena amin'ny ratsy ny tsara, dia tsy mahajanona eo anatrehan'ny tsara ny ratsy. Tsy afaka manao an'izany izy.

217 Ankehitriny, misionera iray aho, ary nanodidina an'izao tontolo izao, tao anatin'ny karazana ratsy rehetra, sy ireo karazana momba ny fanahy rehetra, sy ny isma, ary ny karazana fanompoan-devoly rehetra, ary, oh, ny zavatra rehetra izay azo eritreretina, eo amin'izay misy ny zavatra rehetra, ary hitako isan'andro fa ny tsara dia mandresy ny ratsy foana.

218 Henoy, tsy ahoako na maizina toy ny ahoana aza ny alina; mety ho maizina loatra izany hany ka afaka mitsapa azy ianareo; afaka manangana ny tànanareo tahaka an'izao ianareo nefa tsy mahita karazana aloka iray mihitsy. Ny hazavana kely bitika

indrindra dia hampiharihary an'io aizina io. Izany tokoa, tahaka an'izany no ataon'ny fiainana eo anatrehan'ny fahafatesana. Tahaka an'izany no ataon'ny tsara eo anatrehan'ny ratsy. Tahaka an'izany no ataon'ny finoana eo anatrehan'ny fisalasalana, aparitany izany.

219 Ahoana no ahafahan'ny alina hijanona eto rehefa mampamiratra ny fitahiany ny masoandro? Mankaiza ny alina? Tsy misy intsony izany. Inona no nitranga tamin'ilay alina? Aiza ilay aizina tato amin'ity tabernakla ity teo amin'ny roa ambin'ny folo ora lasa izay? Aiza ilay aizina nivangongo tao anatin'ireto rindrina eto ireto? Tsy misy intsony izany. Nanjavona izany. Nahoana? Niditra ny hazavana. Ary rehefa niditra ny hazavana, dia tsy maintsy nandeha ny aizina. Eny, tompoko!

220 Raiso ireo zava-boahary izay mandehandeha amin'ny alina, kalalao, sy voangory, ary bibikely sy ny sisa. Avelao hiposaka ny masoandro na avelao hanjelatra ny hazavana iray, diniho hoe toy ny ahoana no ifidianan'izy ireo ny aizina. Tahaka an'izany ny Filazantsara. Rehefa manjelatra izy, inona no mitranga amin'ireo izay te-hiantso anareo hoe holy-roller? Inona no mitranga amin'ireo olona izay maneso anareo? Rehefa manjelatra ny Hazavana, dia mitsofoka ao amin'ny aizina mafy araka izay vitany izy ireo, satria izy ireo—zanaky ny alina izy ireo. Fa ny zanaky ny andro kosa mandeha amin'ny Hazavana.

221 Ary noho izany dia zanaky ny Hazavana isika nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra. Noho izany rehefa manjelatra ny Hazavana, dia misaotra an'Andriamanitra isika ary mandeha miaraka amin'ny masontsika misokatra, mijery an'ireo zavatra izay tsy mety ho hitanareo amin'ny masonareo ara-boajanahary. Fa ny finoana no fahatokiana ny amin'ny zavatra antenaina, fanehoana ny zavatra tsy hita. Amena! Tiako izany.

222 Tsy manam-potoana ho an'ny toriteniko kely izay saika horesahako aho, satria hivavaka ho an'ny marary isika.

223 Firy no tia ny Tompo? Amena! Ankehitriny, rehefa avy nanana an'ireto fanontaniana ireto isika, ary misy ny sasany amin'izy ireo maranitra sy ny zavatra rehetra, ary angamba voavaly. . . Angamba tsy nanao an'ilay asa tsara akory aza aho teo amin'izany, satria tsy nanam-potoana hijerena ny Soratra aho. Ho nosoratako teo amin'ny ravin-taratasy izany raha nanana aho. Manantena aho fa afa-po ny olona rehetra. Raha tsia, nahoana, avereno soratana amiko indray izany. Avelao aho hanana fotoana handinihana azy raha tsy mihevitra ianareo fa voavaly tanteraka ilay izy.

224 Misaotra nohon'ny fijanonana. Ary ankehitriny, hanamboatra an'ilay laharam-bavaka isika afaka iray minitra fotsiny. Fa alohan'ny hanaovantsika an'izany, dia ndao isika hanova an'ilay atmosfera fotsiny ankehitriny avy amin'ireo

valiny ary ny iray mamaly an'ity, ary ny iray mino tahaka an'ity sy tahaka an'itsy. Hitanareo, amin'ny famaliana fanontaniana, indraindray dia somary maranitra ilay izy, noho izany dia ndao isika hanompo ny Tompo fotsiny ka hihira.

Tiako Izy, tiako Izy
Satria nitia ahy mialoha Izy
Ka nividy ny famonjeko
Teo amin'ny hazon'i Kalvary.

Ankehitriny, tiako ianareo handray tànana olona iray manodidina anareo ankehitriny rehefa mihira indray isika.

Tiako Izy, tiako Izy
Satria nitia ahy mialoha Izy
Ka nividy ny famonjeko
Teo amin'ny hazon'i Kalvary.

Ankehitriny, ndao isika hanangana ny tànantsika Aminy tahaka an'*izao*.

Izaho . . .

Akimpio ny masontsika ankehitriny.

. . . tiako . . . , tiako Izy
Satria nitia ahy mialoha Izy
Ka nividy ny famonjeko
Teo amin'ny hazon'i Kalvary.

225 Ry Rainay any An-danitra, tianay Ianao, Tompo. Ary mino aho fa tia Anao ity vondrona kely ity. Tonga ao an-tranon'ilay Andriamanitra Velona izahay, tranobe kely, tsy ilay tranobe, fa ilay Andriamanitra izay mitoetra ao anatin'ilay tranobe. Toy ny ao amin'ny tenako, ity vatana antitra ity, tsy maintsy hilatsaka izy indray andro any, fa ilay olona izay mipetraka ao anaty dia tsy afaka hilatsaka, satria hazonin'ny herin'Andriamanitra izy.

226 Ity tranobe tranainy eto izay ivavahantsika izao maraina izao ity, tsy mampaninona na impiry no anamboaranay azy, indray andro any dia hilatsaka izy, fa ilay Andriamanitra Izay mipetraka ao anatin'ilay tranobe dia mandrakizay. Tonga izahay hanatrika Anao ankehitriny, Ray, mba hanome ny saotra sy dera.

227 Ary noho ireto fanontaniana teo amin'ny fon'ny olona ireto, dia hitanay fa manontany izy ireo raha tokony hanao an'*ity* na *itsy*. Ary, Ray, matoky aho fa ao anatin'ny fo Kristiana malefaka tsirairay hoe ny valiny amin'ny fomba iray dia mety hanao azy ireo hahazo hoe inona ny Fahamarinana. Ekeo izany, Tompo. Ary raha tsy nahomby aho, amin'izay fotoana izay dia mamelà ahy. Tsy fanahy iniako ny tsy hahomby, satria Zanakao izany, ary mametraka an'ireo fanontaniana ireo izy ireo. Ary izaho—tiako ny hanome azy ireo ny rehetra izay fantatro, Ray, toy ny hoe nitsangana teto mihitsy Ianao mba hitsara ahy avy amin'izay nolazaiko.

228 Ankehitriny, Tompo, tonga izahay hanatrika ny marary. Ankehitriny, fantatray ao amin'ny Baiboly fa izay inoanay ho azo ihany no azonay. Tsaroanay indray mandeha, Ray, fony teto an-tany Jesosy, nanatona Azy ilay vehivavy Syrofenisiana ka nanao hoe, "Tompo, mamindrà fo amin'ny zanakovavy, satria izy amin'ny fomba samihafa dia ampahorian'ny—ny devoly."

Ary renay izay Nolazainy hoe, "Tsy mety amiko ny maka ny mofon-jaza ka manome an'izany ho an'ny alika."

229 Oh, Andriamanitra, toy ny hoe fa—fandàvana mahitsy iray toy ny inona, ary tsy izany ihany, fa ny miantso azy ho alika iray. Fa raha tokony ho niavonavona mikasika an'izany, dia nilaza tamin'ny fahamoram-panahy sy am-panetre-tena izy hoe, "Marina izany, Tompo." Satria izany no Fahamarinana. Hoy izy hoe, "Marina izany, Tompo, saingy ireo alika dia hihinana ny sombin-kanina izay milatsaka avy amin'ny latabatry ny tompony." Izany no nanao an'ilay asa. Vonona fotsiny izy ny haka an'ireo sombin-kanina izay avy eo amin'ny latabatr'ireo ankizy. Ary Andriamanitra, izany no toetranay izao ankehitriny izao. Vonona izahay amin'ny zavatra rehetra Tianao hatao aminay, Ray. Eo an-Tànanao izahay.

230 Tena faly aho ny mahafantatra fa ilay Andriamanitry ny Testamenta Taloha, Izay naneho fahitana sy nanome famantarana sy fahagagana, dia mbola velona foana androany. Ary ny Lanitra izay irian'izy ireo fatratra handehanana, indray andro any nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra no andehananay koa, satria ilay Andriamanitra iray ihany no maneho ny Tenany ho ilay Andriamanitra iray ihany eto anivonay.

231 Misy ireo eto anivonay, Ray, izao maraina izao izay marary sy manana ilaina. Handalo eo amin'ny laharam-bavaka iray izy ireo. Enga anie izy ireo tsy ho avy ka hanao hoe, "Eny, tsy mino aho fa afaka hanao soa ho ahy Ianao. Izaho—izaho . . . " Tompo, enga anie mba tsy ho izany ilay toetra, fa enga anie izy ireo hahatsiaro fa Andriamanitra no nilaza hoe, "Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino. Raha mametraka ny tànany amin'ny marary izy ireo, dia ho sitrana ireny." Ianao no nampanantena an'izany; Ianao no niteny an'izany.

232 Enga anie izy ireo ho avy amin'ny fanajana masina, mino fa vantany vao vita ny vavaka ka nampiarina teo amin'izy ireo ny tànana, amin'izay fotoana izay dia enga anie ny Fanahy Masina hilatsaka eo amin'izy ireo tahaka an'ity anabavy malala ity izay nanoratra an'ilay fanontaniana, nilaza fa ny Fanahy Masina dia saiky namono ny tenany mety maty tamin'ny batisa goavana iray tahaka an'izany an'ny Fanatrehany.

233 Enga anie hisy ireo—enga anie hisy ireo fiantraikany eo amin'ny tsirairay avy izay tonga izao maraina izao, Tompo. Ekeo izany. Enga anie izy ireo ho sitrana. Enga anie izy ireo ho avy mahafantatra, mahafantatra tsy misy aloky ny fisalasalana

fa Ianao no nampanantena an'izany ary tsy afaka mandainga Ianao, ary vantany vao miposaka ny hazavana, dia mandositra ny aizina sy ny fisalasalana. Ekeo izany, Ray. Apetrakay Aminao izy ireo ankehitriny raha mivavaka ho azy ireo amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena!

234 Ankehitriny ireo izay te-hivavahana, eto amin'*ity* ilany ity aloha, milahara manaraka ny tranobe eto, raha mitendry ho antsika i Teddy hoe, *Ilay Mpitsabo Lehibe Dia Akaiky Ankehitriny*. Manatòna, eny aoriana mihitsy, ny sasany amin'izy ireo *eto*.

Ilay Mpitsabo lehibe ankehitriny . . .

235 Rahalahy Neville. Manohiza mandahatra fotsiny, tonga. Hitsangana eto isika. Aoka ny fiangonana rehetra hivavaka. Ary izaho sy Rahalahy Neville dia hiaraka eto; izy no hanosotra, izaho hametra-tànana eo amin'ny marary, eto ambany eto aloha mihitsy. Ankehitriny, ny olona rehetra ao amin'ny vavaka ankehitriny.

236 Inona no ataonay ankehitriny? Tonga izahay hanosotra ny marary sy hivavaka ho azy ireo. Ankehitriny dia mamelà ahy hanononа ny Soratra aminareo. "Raha misy eo anivonareo, marary, dia aoka izy ireo hiantso ny loholon'ny fiangonana; aoka izy ireo hanosotra diloilo azy ireo sy hivavaka ho azy ireo: Ny vavaky ny finoana no hamonjy ny marary, Andriamanitra hanangana azy ireo; ireo izay nanota, dia havela amin'izy ireo izany. Mifaneke heloka, ary mifampivavaha, mba ho sitrana ianareo."

Ankehitriny ny sisa, amin'ity ilany ity, raha maniry ianareo, vantany vao tonga eo ambanin'io tsipika eo io ianareo, io toerana io, io làlantsara io, dia midìna avy hatrany fotsiny aoriana ianareo. Ankehitriny ny loholona, eto, an'ny fiangonana, no hanao ny fanosorana sy ny vavaka. Hivavaka aho ary hametra-tànana eo amin'ny marary. Ary ankehitriny, tsarovy ry sakaiza, ianareo izay mitsangana ao amin'ny laharam-bavaka, izao no fotoana hanaporofoina fa mino an'izay itsangananareo eto ianareo. Tsy maintsy sitrana ianareo.

Ary mino amin'ny foko rehetra aho, fa izany no mihazona ny reniko amin'ity fotoana rehetra ity (ary izy, vehivavy antitra iray), dia satria mino aho. Mandra-Piteniny amiko an'izany (mety ho faty izy), fa mandra-Piteniny amiko, dia mino aho fa tsy ho faty izy. Hitanareo? Ary ankehitriny, fantatro fa tsy maintsy mandeha izy, ary efa antitra izy mba handeha, ary te-handeha, ary miezaka ny handeha. Kanefa aho dia—hino aho fa hiteny amiko Izy. Ankehitriny dia mino aho fa hiteny amiko Izy, hitanareo. Ankehitriny dia mety tsy hiteny Izy. Tsy fantatro, tsy fantatro fa hiteny Izy, fa mino fotsiny aho fa hiteny Izy. Hitanareo? Saingy hatramin'izao, dia tsy nilaza na inona na

inona tamiko mikasika an'izany Izy. Ary mino an'izany aho. Ary raha ianareo, isan'andro, ianareo . . .

237 Tsy asehoko amin'ny olona izay rehetra Asehony ahy, fantatrareo izany. Eny, omaly, tany amin'ny toerana anankiray aho, dia nahita fahitana iray marina tokoa an'izay hatao, ary fantatr'Andriamanitra fa marina izany, ary mipetraka tsara miaraka amin'ny lehilahy roa na telo amboniny. Saiky tao anatin'ny antsasak'adiny taorian'izany dia nahita an'izany nitranga aho, tanteraka mihitsy tokoa, marina tokoa arak'izay naha-izy azy. Nitsangana teo fotsiny aho, nangovitra tao anatin'ny tenako, nieritreritra. Hitanareo? Mety . . . Hoy aho hoe, "Angamba tokony noteneniko tamin'izy ireo fa ho tahaka an'izany io." Fa hoy aho hoe, "Eny, avelao handeha fotsiny ilay izy." Hitanareo?

238 Ary mitranga isan'andro izany, hitanareo. Misy zavatra hitranga, avelako fotsiny izany. Fantatr'Andriamanitra fa marina izany. Hitanareo? Zavatra izay hitranga fotsiny, maneho an'izany fotsiny, miteny an'izany. Hisy zavatra hiseho amiko, ka hanao hoe, "Lazao fotsiny *ity* teny ity tahaka an'*izao*, dia hitranga eto *ity* zavatra ity." Ary amin'izay fotoana izay dia holazaiko ilay izy hoe, "Eny, ho tanteraka tahaka an'izany anie ilay izy." Avy eo dia handinika aho, indro ilay izy eto. Hitanareo? Hia.

239 Eny, raha afaka manao zavatra Izy, fitaovana, zavatra izay tsy manana aina ao anatiny, mifindra amin'Ny Teniny, satria efa nilaza an'izany isika, tsy mihoatra noho izany ve no Ahafahany manao anareo izay miara-miasa amiko. Miaraka amiko ianareo, ianareo no—ianareo no rahalahiko sy anabaviko izay marary. Ary raha milaza an'ireto teny ireto isika hoe, "Aoka ny herin'Andriamanitra hanasitrana an'ity olona ity," nahoana, tsy maintsy hitranga izany. Ankehitriny, tsy afaka miteny io fitaovana io hoe, "Tsia, misalasala an'izany aho." Handroso izany ka hanao an'ilay izy. Fa afaka milaza ianareo hoe, "Eny, manontany aho," dia tsy hitranga izany, hitanareo. Fa raha handroso fotsiny ianareo ary hijanona tsara ao amin'ny laharana miaraka amin'ny eritreritrao ankehitriny hoe, "Ho sitrana aho," dia tsy maintsy azonareo izany. Mino an'izany ve ianareo?

240 Ankehitriny dia ndao isika rehetra hivavaka. Ry Rainay any An-danitra, mametra-tànana eo amin'ity vehivavy tanora ity, ity reny tanora mitsangana eto ity, izay mijaly amin'io sery ratsy io. Aoka ny . . .

241 [Manohy mivavaka ho an'ny marary Rahalahy Branham. Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]

242 Ary noho izany dia mivavaka aho mba Hanasitrananao ny olona izay ametrahana an'ireto mosara ireto. Ekeo ho azy ireo ny fangatahany. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, no angatahako an'izany. Amena.

243 Amin'ny fankasitrahana lalina ny amin'ny fijanonanareo, sy ny fahatokianareo hijanona mandritra ity fotoana rehetra ity, ary miandry ao amin'ny fiangonana tahaka an'ity, raha mbola isika no. . . Fa tsy mahafantatra toerana iray tsaratsara kokoa hisiana aho, ary ianareo, noho ny ao am-piangonana? Tsy mahafantatra toerana iray tsaratsara kokoa hisiana fotsiny aho. Ary ny fampiononana izay ananantsika amin'ny fanajana fa Andriamanitra. . . Izy dia manatrika ankehitriny.

244 Ary isika fotsiny, vetivety, ndao isika hieritreritra fotsiny hoe lehibe toy ny ahoana Izy, sy izay Nataony ho antsika. Inona no ho azontsika natao raha tsy nisy Azy? Ahoana fa nahita Azy isika, tsy nisy zavatra anankiray mihitsy izay hany Noteneniny tamintsika tamin'ny alàlan'ity: Nomeny fahitana aho, ary entiko aminareo ilay fanontaniana, izao maraina izao, efa mba nahita iray afa-tsy izay Notanterahiny ve ianareo? Izay Nolazainy marina tokoa fa Hataony, amin'ilay fotoana mihitsy. Noho izany, dia Andriamanitra Izy. Noho izany, dia Izy no Raintsika. Tia antsika Izy. Ary na aiza na aiza misy Ny Lanitrany, dia fantatsika fa tsy maintsy handeha any isika indray andro any. Fantatsika fa manatrika eto Izy ankehitriny. Mahalala an'izany isika.

245 Isika, mijery an'ireo zavatra izay tsy hitantsika isika. Ankehitriny dia maro aminareo no nivavahana, ary, hitanareo, satria mandà fotsiny ny soritr'aretina rehetra an'ny zavatra rehetra mifanohitra amin'izany isika. Hitanareo? Ny zavatra rehetra izay nampanantenain'Andriamanitra, hitanareo, ny Kristiana dia tsy mijery. . . Tsy mahita amin'ny masonareo ianareo, na ahoana na ahoana. Fantatrareo izany. Tsy mahita amin'ny masonareo ianareo. Mahita amin'ny fonareo ianareo. Hitanareo? *Mahita* dia midika hoe "mahazo." Mahafantatra amin'ny fonareo ianareo, noho izany isika dia mijery zavatra izay tsy hitan'ny masontsika. Hitanareo? Ny fiaikena Kristiana, ny fiadian'ny Kristianisma manontolo, dia mifototra amin'izany. Isika, mijery zavatra izay tsy hitantsika isika, satria Abrahama dia niantso an'ireo zavatra izay tsy nisy, ho toy ny nisy, satria nino an'Andriamanitra izy. Hitanareo?

246 Ankehitriny dia inona no ataontsika ankehitriny? Ankehitriny rehefa nivavahana tahaka an'izany ianareo, amin'izay fotoana izay dia Andriamanitra no nampanantena ny hanasitrana anareo. Noho izany izao ankehitriny izao dia mety tsy mahatsapa fahasamihafana kely ianareo, saingy Izy mihitsy tsy. . . Izany, tsy izany mihitsy ilay izy. Hitanareo? Mino an'izany isika, na ahoana na ahoana.

247 Raha fantatrareo fotsiny, tonga eto amin'ny polipitra aho teo amin'ny adiny roa lasa izay ary tsy nihevitra mihitsy aho fa ho tonga eo amin'ny antsasaky ny fivoriana, saiky. Tena reraka sy trotraka aho, ary nahatsapa ho toy ny hoe tratry ny gripa aho, saingy ankehitriny mahatsapa ho tsara aho satria hoy

aho hoe, “Voafatotry ny andraikitra amin’Andriamanitra aho. Mino an’Andriamanitra aho.” Ary tsy maintsy niady tamin’izany aho. Ny vadiko etsy dia afaka miteny aminareo an’ilay iray ihany, teo am-piezahana ho tonga teto izao maraina izao, ary farina ny tendako, sy ny zavatra rehetra. Hoy aho hoe, “Ahoana no ahafahako hanao an’izany?” Saingy, am-pahitsim-po, mahatsapa ho tsara aho ankehitriny. Ary izaho—mino aho fa afaka maka ny lahateniko aho ary mandroso ka mitory teny, ary—ary mahatsapa ho tsara fotsiny.

248 Saingy, satria, hitanareo, tsy maintsy mijery an’ireo zavatra izay tsy hitanareo amin’ny masonareo ianareo. Mahita an’izany amin’ny fonareo ianareo. Mino an’izany ianareo, ary manambara an’ireo zavatra izay tsy hitanareo, nefa inoanareo. Satria, ny finoana izany. “Ary ny finoana no fahatokiana ny amin’ny zavatra antenaina, fanehoana ny zavatra tsy hita.”

249 Nandinika aho, izao maraina izao, Kristiana tanora iray izay nipetraka teto alohako teto. Ary fantatro ny fanapahan-kevitra izay noraisin’io olona io. Ary ankasitrahako tokoa izany. Tsy hilaza aho hoe iza izany, fa izaho—mankasitraka ny—ny fanapahan-kevitr’io Kristiana anankiray io aho, tsy mampaninona na dia mety ho mpiara-miasa iray aza ilay izy, sakaiza iray, ray na reny, na inona ilay izy, dia maniry mafy ny hijoro ho mahatoky amin’i Kristy izy ireo. Hitanareo?

250 Tahaka an’izany no ahazoanareo malala anankiray, dia ny mahatoky. Ny mahatoky no fomba ahazoanareo an’ireo malala. Mijanòna amin’ny faharesen-dahatrareo. Aoka hahazo antoka fa marina amin’Andriamanitra ianareo, ary avy eo dia mijanòna eo mandrakariva. Mijanòna tsara amin’izany. Tsy misy na inona na inona afaka manetsika anao hiala amin’izany raha hijanona tsara amin’izany fotsiny ianao.

251 Ankehitriny, hanao fahadisoana isika rehetra. Tsarovy fotsiny. Ary rehefa mifampijery ianareo, dia aza mijery ny fahadisoan’ny olon-kafa. Hitanareo, aza manao an’izany, satria, tsarovy, ianareo dia manao fahadisoana, ihany koa. Fa mijere an’i Kristy izay mitari-dàlana an’io olona io. Ary raha mila fanampiana izy ireo, amin’izay fotoana izay dia mivavaha ho azy ireo. Izany no—izany no fomba iarahantsika, hitanareo, mivavaka. Ary, tsarovy, rehefa mivavaka ho an’ny olon-kafa ao anatin’izany karazana olana izany ianareo, dia hanaja anareo Andriamanitra ka hanasitrana anareo rehefa mivavaka ho an’olon-kafa ianareo. Marina izany. Eo amin’izany no ifotoran’ny Kristianisma, mifanampy, manao ho an’ny hafa, aoka samy ho tsara fanahy, ka hifankahazo. Ankehitriny, raha mahita ny fahadisoan’ny mpiara-monina aminareo ianareo, hitanareo hoe taiza no nanaovan’izy ireo ratsy, dia aza manao ratsy miaraka amin’izy ireo, fa mivavaha ho azy ireo fotsiny. Manohiza mivavaka fotsiny, dia ho azon’Andriamanitra izany. Izy no hanitsy ny zavatra rehetra.

252 Ankehitriny, manantena aho fa, raha izany no sitrapon'ny Tompo, heveriko fa manana rafitra iray i Billy, mandefa karatra iray ho an'ny olona rehetra izy. Ary raha mety tsara i mama amin'ity herinandro ity; araka ny fantatray ankehitriny, tsy azonay antoka, fa raha milamina tsara i neny amin'ity herinandro ity, sy ny zavatra rehetra, amin'ny Alahady heriny aho—te-hiresaka aho eo amin'ny—ny Hafatra ara-Pilazantsara iray. Raha mety tsara amin'ny—amin'ny pasiterantsika sarobidy eto. Ary manantena anareo hiverina izahay raha afaka ianareo. Raha afaka ho tonga ianareo, dia ho faly izahay hanana anareo.

253 Tia Azy amin'ny fonareo rehetra ve ianareo? Tsy mahafinaritra ve Izy? Inona no azontsika atao raha tsy misy Azy? Ankehitriny dia inona fotsiny no azonareo atao? Afaka hiteny amiko zavatra iray ho lehibe kokoa ve ianareo? Raha afaka haneho amiko zavatra lehibe kokoa noho izany ianareo, amin'izay fotoana izay aho dia—izaho dia—hivarotra an'izay ananako aho, ary maniry fatratra an'izany mba hanehoanareo amiko fa izany no lehibe kokoa noho Ity. Eny, tompoko. Ity no zavatra lehibe indrindra izay fantatro, ny mahafantatra miaraka amin'ny antoka fa voavonjy isika, ny mahafantatra fa ilay tena Andriamanitra izay nanao ny lanitra sy ny tany mihitsy dia nanaiky hanetry ny Tenany ary nidina ka nonina teo anivontsika, ary nanao ho antsika.

254 Ankehitriny dia ity no ahafantarantsika na marina isika na tsia, hitanareo, satria ilay tena zavatra izay Nataony mihitsy, tany am-piandohana, niaraka tamin'ireo Kristiana tany aoriana tany ireo, ilay tena fiangonana mihitsy, ilay tena fiasana, ny fomba nihetsehan'ny Fanahy Masina, ary ny fomba niadian'ny devoly tamin'izy ireo, sy ny fomba nijoroan'izy ireo, izany ilay zavatra iray ihany izay miseho eto mihitsy, miaraka amin'ireo famantarana iray ihany, ireo fahagagana iray ihany, ilay Andriamanitra iray ihany, ilay porofo tsy mety diso momba Azy.

255 Teneno amiko, amin'ny tenin'ny siansa, teneno amiko amin'ny fomba siantifika, ahoana no ahafahan'ny olona iray hiteny mialoha ny zavatra izay hitranga amin'ireo taona na fotoana ho avy, alohan'ny nitrangan'izany. Asehoy ahy ilay hery, hoe izay hisy azy, izay hahafantatra mialoha an'izany alohan'ny hitrangany. Teneno amiko izay sain'olombelona afaka hitondra zavatra izay tianareo hiverina, ary asehoy ahy ny fomba rehetra izay ahafahanareo mahita zavatra sy miteny zavatra mialoha, ka nitranga mihitsy araka ny—ny itrangany. Hitanareo? Tsy misy.

256 Noho izany, Andriamanitra Izy. Hitanareo, Andriamanitra Izy. Ary satria Andriamanitra Izy, dia tonga sy monina miaraka amintsika amin'ny alàlan'ny Fahasoavany Izy, ary tahaka ny Nataony tamin'ireo lehilahy tany aoriana tany ireo izay niteny mialoha an'ireo zavatra ireo, ka nitranga araka ny nitenenana azy ireo mialoha mihitsy ny tsirairay avy tamin'izy

ireo. Ankehitriny io Andriamanitra iray io ihany no miaraka amintsika, miteny mialoha sy maneho marina tokoa an'ireo zavatra iray ihany izay Nataony tany aoriana tany. Nahoana, tokony ho tena faly isika, tokony hitsambikina toy ny hoe avy amin'ny rahona mankany amin'ny rahona isika, tahaka an'izany, mandeha manerana ny habakabaka, saiky, satria mahafantatra isika.

257 Fantatsika fa efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana isika. Fantatsika fa manana famonjena isika. Fantatsika fa Kristiana isika. Ary fantatsika fa ho any An-danitra isika, satria Andriamanitra no nanao ny teny fikasana, ary indro Izy mandeha miaraka amintsika mihitsy, mba ahitantsika Azy.

258 Mahita Azy isika. Ahoana no ahitako Azy? Rehefa mahita anareo aho. Mahita Azy ato amiko ianareo; izaho mahita Azy ao aminareo. Hitanareo, hitako izay Ataony ho anareo. Ankehitriny indro aho mahita Azy eto manambara ny Teny amiko. Hoy ianareo hoe, "Ahoana no ahafahanareo mahita Azy ato amiko?" Eny, jereo, eto Izy manambara ny Teny amiko. Hitako Izany eo, Izy no manome an'Izany ho anareo, ary ianareo no mihazona an'Izany. Hitanareo? Ary amin'izay fotoana izay dia mitodika any aoriana ianareo, ka hoy ianareo hoe, "Ahoana izy no, ahoana no mba nahatonga an'izany?" Avy eo dia miverina ianareo, mahita fa marina izany, hitanareo. Noho izany dia mahita Azy ato amiko ianareo; izaho mahita Azy ao aminareo.

259 Ary afaka mahita Azy isika amin'ny fiposahan'ny masoandro. Afaka mahita Azy isika amin'ny filentehan'ny masoandro. Afaka mahita Azy isika ao amin'ireo voninkazo. Afaka mahita Azy isika ao amin'ny—Afaka mahita Azy isika na aiza na aiza, satria isika dia efa tafafindra avy tamin'ny singa ambany indrindra mifatotra amin'ny toeran'ity tany ity, nankao ao amin'io singa avo an'ny voninahitr'Andriamanitra io, mba ahafahantsika mahita ny Hatsarany.

260 Andro vitsy lasa izay, rehefa teo amin'io dia io aho, tany—teo amin'ny Làla-malalak'i Alaska, rehefa nandeha teo amin'ny dia fihazana iray aho, nanontany aho tany hoe, "Nahoana? Nahoana?" Nandinika hoe ahoana—tena misy toy ny ahoana Andriamanitra. Ankehitriny dia misy olona marary hatraiza hatraiza, kanefa Andriamanitra dia mahafantatra.

261 Ankehitriny, rahampitso dia tokony hiainga aho, Rahalahy Roy ery aoriana ery, ary izahay rehetra, tokony hiainga izahay rahampitso ho any Colorado, ho an'ny . . . handeha hihaza isaky ny fararano izay misy anay . . . Tonga avy any amin'ireo fivoriana aho, handeha. Tsy afaka mandeha aho, noho i mama, ny toeran'i mama.

262 Ankehitriny dia jereo ny hatsaram-panahin'ny Fanahy Masina. Efa ela be no Nahafantarany an'izany. Noho izany,

raha tokony hamela ahy handeha, dia nanova Izy ka nanome ahy fahitana iray ary nandefa ahy tany, ary nanome ahy ny iray amin'ireo dia fihazana izay tsy nety azoko tany Colorado, hitanareo, satria ireo biby dia tsy misy any Colorado tahaka an'izany. Nanova, ary nanome ahy an'izany tamin'ny alàlan'ny fahitana iray, ka namela ahy hahazo an'izany, nahafantatra fa tsy maintsy hampanalavitra ahy an'io dia hankany Colorado io Izy. Miresaka mikasika ny fahatsarana sy famindrampo! Nahoana àry? Noho izany, efa ela be, no Nahafantarany fa hijaly ny reniko. Fantany fa ho any amin'ny hopitaly ny reniko. Raha Izy no mamela an'izany, amin'izay fotoana izay dia Izy no manao an'izany ho an'ny tanjona tsara iray izay tsy misy na inona na inona fantatro. Saingy fantatro fa izany rehetra izany dia "miara-miasa hahasoa an'ireo izay tia ny Tompo."

263 Raha mba hijanona matetitetika fotsiny isika, ry fiangonana, ka hahita ny Andriamanitsika! Ajanòny fotsiny ny tenanareo ka mialà lavitra amin'ny fikorontananareo, ary mipetraha tsara mandritry ny minitra vitsy ao amin'ny Fanatrehan'Ny Fanahiny, dia afaka hahita Azy fotsiny mihetsika hatraiza hatraiza ianareo. Hitanareo ve hoe tsara toy ny ahoana Izy?

264 Ankehitriny dia mandry any i mama, ary manontany mikasika azy aho. Nahoana Izy no tsy namela azy handeha fotsiny rehefa tratran'ilay famelezana izy? Nahoana izy no tsy maty avy hatrany tamin'izany? Saingy, hitanareo, Izy no nahafantatra an'izany talohan'ny fotoana, ary nahafantatra fa izaho dia efa nampanantena ny. . . Saika handeha any Colorado aho, ary fantany fa tiako ny miditra any anaty ala tahaka an'izany, dia nanova fotsiny Izy ary nanome ahy anankiray tsaratsara kokoa; nandefa ahy tany, ary niteny tamiko an'izay ho azoko, sy ny zavatra rehetra mikasika an'izany, talohan'ny niaingako mihitsy aza; niteny tamiko hoe toy ny ahoana no fiakanjon'ny olona, sy izay hataonay, ary ny rehetra mikasika an'izany. Avy eo dia tonga aho, niteny taminareo rehetra. Avy eo dia tonga izy ary nahita an'izany nitranga, niverina, arak'izay maha-izy azy marina tokoa. Marina tokoa, hitanareo, mahafantatra fa ho any i mama, mahafantatra fa izy—ho reraka izy amin'izao fotoana izao, ka tsy ho afaka hanao an'io dia hafa io aho. Hitanareo? Isika tsy afaka haha-. . . Tsy azoko ilay izy, ny tenako, tamin'izany fotoana izany. Fa raha manolotra ny tenanareo Aminy fotsiny ianareo ka mandinika Azy, dia Izy no mitarika ny zavatra rehetra tsara marina tokoa. Hitanareo, Izy no manao an'izany rehetra izany hiseho marina tokoa, tsikelikely.

265 Indray andro, nitsangana teo akaikin'ny mpitoriteny tanora iray aho izay nanana nofy iray, ary nentiny teo amiko ireo nofy. Rehefa tonga ny fandikana, dia nitsangana teo izahay, izaho sy Billy ary ity mpitoriteny ity, niara-nitsangana teo. Ary teo izany. Nahoana, tanteraka mihitsy arak'izay nety naha-izy azy

izany. Ary ahoana fa nitsangana teo io lehilahy io niaraka—niaraka—niaraka tamin'ny tahotra, ary ahoana no hahitana fa afaka nanambara an'ireo zavatra ireo ny Fanahy Masina, ary nitondra azy niverina avy hatrany mihitsy ka naneho marina tokoa teo amin'ilay làlana sy izay natao hanaovana an'izany. Oh, teneniko aminareo, Andriamanitra Izy. Izy, Izy dia monina... Andriamanitra Izy.

266 Tena maro aminareo olona no nanao fahafoizan-tena. Nilaozanareo ireo sakaizalahinareo na sakaizavavinareo, nilaozanareo ny tranonareo, sy ny sisa, ary maro aminareo no tsy maintsy niala avy teo anivon'ireo mpiara-miasa sy sakaiza, sy ny sisa, ary ireo sakaiza fahiny izay efa fantatrareo ela be, mba handeha amin'ny làlan'ny Tompo. Midera anareo aho ny amin'izany. Heveriko fa mahafinaritra ny manao an'izany. Ankehitriny satria efa nahita ny Hazavan'ny Filazantsara ianareo, ary Izany no Fahamarinana, ary ianareo dia—handeha ao amin'io Hazavana io ianareo. Ary na inona na inona ataonareo, rankizy, na inona na inona ataonareo, na aiza na aiza alehanareo, ialao ny fisehoan'ny ratsy, ka manaraha an'i Kristy. Raha mbola velona foana ianareo, dia mijanòna tsara eo amin'izany làlana izany. Aza miala amin'izany, handoa tsara tokoa izany. Izany dia Fiainana Mandrakizay.

267 Ary hitako i mama rehefa—na oviana na oviana izy... minitra vitsy dia afaka hahatsiaro tena izy. Hoy aho hoe, "Mama, mama, mandre ahy ve ianao?" Indraindray izy dia mandry eo fotsiny, tsy handre izy. Avy eo afaka kelikely dia hilaza izy hoe, "ah," manetsiketsika ny lohany tahaka an'*izao*. Hilaza aho hoe, "Ianao ve..." Hoy aho, indray hariva, hoy aho hoe, "Mama, fantatrao ve aho?" Tsy nahafantatra ahy izy. Hoy aho hoe, "Fantatrao ve hoe iza ity mitsangana eto ity?" Tsia, tsy fantany izany. Hoy aho hoe, "Mama, fantatrao ve i Jesosy?" Ary izy... Oh, oadray! Mety hanadino ny zanany manokana izy, fa tsy afaka manadino an'i Jesosy. Izay ilay izy. Oh, rahalahy!

268 Tsy fantatrareo ny dikan'izany raha tsy efa tsy maintsy tonga eo amin'ny fianakavianareo manokana ianareo, hatreo amin'izany, hitanareo. Ny mahafantatra Azy no Fiainana. Ny mahafantatra Azy dia fahafaham-po amin'ny fahafantarana, rehefa tapitra ity hazakazaky ny fiainana ity, dia manana Trano iray isika any ankoatry ny lanitra any. Inona izany, tsy fantatro. Tsy fantatro fotsiny hoe ahoana no hitenenana aminareo hoe ho inona izany, satria tsy fantatro, ny tenako. Saingy fantatro fa indray andro any, nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra, dia hanao dia ho Any isika.

269 Mivavaha ho ahy amin'ity herinandro ity. Mila an'izany aho. Ary ankehitriny mivavaha ho ahy ianareo; izaho hivavaka ho anareo. Raha sitraky ny Tompo, raha sitrany, dia hihaona aminareo aho amin'ny Alahady heriny. Ary tsarovy ny fivoriana rahariva. Mety, raha tsy voatery hiambina aho rahariva, na inona

na inona, ary mba hiaraka amin'i mama any, dia hiverina aho angamba rahariva hiaraka aminareo.

270 Ary ankehitriny, Rahalahy Neville, ry pasiteranay sarobidy, miakara eto. Ary ahoana tokoa aho . . . Tsy misy olona eto afatsy ny olona ao an-trano, fantatrareo. Isika rehetra dia antsoina fotsiny hoe olona ao an-trano. Mankasitraka ny fanohanan-dRahalahy Neville an'ity Fahamarinan'ny Filazantsara ity aho. Mankasitraka ny fahatokiany sy ny fahatsoram-pony eo anatrehan'ny olona aho. Ary indray andro, raha niresaka izy; tsy nahamarika an'izany mihitsy aho, fa raha mbola teo ambanin'ny tsindrimandry izy, nanome faminaniana, dia niantso ahy ho mpaminany iray izy, teo ambanin'ny tsindrimandry. Tsy izy no niantso ahy ho izany tamin'izany, ny Fanahy Masina izany. Koa izany no nanome ahy herim-po sy finoana mba handroso, halalina lalina kokoa sy haavo avo kokoa, miaraka amin'Andriamanitra. Mankasitraka anao aho, Rahalahy Neville. Andriamanitra anie hitahy anao hatrany. Ary mandra-pahitako anareo indray, dia Andriamanitra anie homba anareo.

61-1015M Fanontaniana sy Valiny
Branham Tabernacle
Jeffersonville, Indiana U.S.A.

MALAGASY

©2024 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

## Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:



VOICE OF GOD RECORDINGS

P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.

www.branham.org